Handeha Alohan'Ny Fahoriambe Ve Ny Fiangonana?

Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety ankehitriny ho an'ny tonom-bavaka iray.

2 Andriamanitra masina indrindra sy marina, te-hisaotra Anao izahay nohon'ny Hatsaram-panahinao maneho fitiavana, satria izany dia tsaratsara kokoa aminay nohon'ny aina. Ary mivavaka izahay mba Hihaonanao aminay izao hariva izao amin'ny fomba tena manokana, ka hanome anay ny avy amin'ireo Fitahianao. Enga anie izahay hahita ny tànana lehibe mitsotra an'ny Mpamonjinay maneho fitiavana, mba hikarakara ny marary sy ny ory. Ary hanome tànam-piarahabana iray ho an'ireo izay sasatra teny amin'ny làlan'ny fahotana, izao hariva izao. Hanasa azy ireo ho ao an-tranon'ny Ray izay antenain'izy ireo hisy azy.

3 Hangataka Aminao izahay mba hahatsiaro an'ireo izay very làlana nanalavitra an'ilay làlana èty sy tery, mba ahafahan'izy ireo ihany koa hiverina amin'ny fiombonan'ny Ray indray.

4 Ary mivavaka izahay, izao hariva izao, Tompo, mba Hanokafanao ny sofin'ny olona, mba handre ny Filazantsara, ary mba Ianao no hamora an'ireo molotr'ilay mpiteny. Ary aoka fotsiny izahay ho ampiasaina ho an'ny Voninahitrao. Ary amin'ny fiafaran'ny fotoana, rehefa handeha any amin'ireo toeranay samihafa izahay, dia enga anie izahay hilaza tahaka an'ireo avy tany Emaosy hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika, raha niresaka tamintsika Izy teny andàlana?" Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'Ny Zanakao izahay, ny Tompo Jesosy. Amena.

5 Maniry aho ny hamaky sasantsasany avy ao amin'ny Soratra izao hariva izao, ny toko faha-17-n'ny Masindahy Lioka, ary manomboka amin'ny—ny andininy faha-26.

> *Ary tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny andron'ny Zanak'olona.*
>
> *Nihinana izy ireo, nisotro izy ireo, nampaka-bady izy ireo, navoaka hanambady izy ireo, mandrapahatongan'ny andro izay nidiran'i Noa* tao *amin'ny sambofiara, ary tonga ny* safo-drano, *ka nandringana azy rehetra.*

Ary toy izany koa tahaka ny tamin'ny andron'i Lota; nihinana izy ireo, nisotro izy ireo, nividy izy ireo, nivarotra izy ireo, namboly izy ireo, nanorina *izy ireo*;

Fa tamin'io andro io ihany izay nivoahan'i Lota avy tao Sodoma. . .nisy afo sy solifara nilatsaka *avy tany an-danitra, ka nandringana azy rehetra.*

Dia ho toy izany mihitsy koa amin'ny andro izay hanambarana ny Zanak'olona.

6 Ary ho an'ny lahateny iray, dia maniry aho ny haka avy ao amin'ny Genesisy, ny toko faha-19 ary ny—ny andininy faha-22.

Haingàna *ianao,* ka mankanesa ao; *satria aho tsy* afaka *manao* na inona na inona *raha tsy* efa *tonga ao ianao.*

7 Aninkeo maraina, dia niresaka ny amin'ireo fitsarana ho avy aho, ary izao hariva izao dia maniry aho ny hanohy. Afaka mahatsapa an'ireo rivotra mahamay an'ilay fitsaran'Andriamanitra Tsitoha manakaiky isika. Satria manomboka mahatsapa an'ireo zavatra ireo isika, dia mety amintsika ny mandinika kely hoe aiza isika no miaina, sy ilay ora izay andalovantsika.

8 Ary fotoana vitsy lasa izay, dia tombontsoako ny nitsidika an'i Inde. Fa nialoha indrindra ny nahatongavako tany Inde, dia nahazo horohoron-tany lehibe izy ireo. Ary namaky tao amin'ireo gazety tany Inde aho, hoe ahoana fa teo amin'ny roa andro talohan'ny nahatongavan'ilay horohoron-tany, dia toy ny nahafantatra izy ireo fa nisy zavatra tsy nety, ireo vorona kely izay nipetraka tao anatin'ireo tresatresaka tao amin'ireo tranobe goavana, sy nipetraka nanerana an'ireo rindrim-bato lehibe. Betsaka ao Inde no manana rindrim-bato. Ary ny vorona kely rehetra izay nanana ny akaniny tao anatin'ireo tresatresaka ireo, dia nandao an'ireo rindrina. Ary ireo biby fiompy rehetra izay mazàna nitsangana nanodidina an'ireo tranobe goavana, amin'ny tolakandro, teo amin'ny alokaloka, sy nanodidina an'ireo rindrim-bato; nandritry ny teo amin'ny roa andro talohan'ilay horohoron-tany, ireo biby rehetra sy vorona kely ireo dia nandeha nitsangana teny afovoan'ny saha.

9 Hitanareo, nisy zavatra iray nikasika an'izany, hoe miahy an'ireo Vorony kely sy ireo Bibiny Andriamanitra. Fantatrareo, ilay Andriamanitra iray ihany izay nitarika azy ireo tao anatin'ny sambofiara, tamin'ireo andro tany aloha, rehefa naringan'ny rano izy ireo, tamin'ny toritenin'i Noa, io Andriamanitra iray io ihany no mbola velona sy manjaka androany, ary Izy no manana ny Fifehezany an'ireo Zava-boahariny.

10 Dia nieritreritra aho hoe, "Raha tena nisahirana tamin'ireo Vorony kely Andriamanitra, ary ireo Biby fiompiny sy ondriny, mba hanaisotra azy ireo hiala amin'ny fandringanana talohan'ny

namelezan'izany, tsy mihoatra noho izany ve no isahiranany ny amin'ireo Zanany izay nateraky Ny Fanahiny, voasasa tao amin'Ny Ràny. Misahirana ho azy ireo Izy." Ary tahaka ny Nampitandremany an'ireo vorona kely hiala amin'ireo toeramponenany, no inoako marina tokoa fa Ampitandremany ny Olony, amin'izao andro izao. Tahaka ny ahitantsika an'ireo famantarana lehibe an'Ny Fihaviany izay antomotra, no inoako fa mampitandrina ny Olony Andriamanitra mba ho tonga miaraka, sy fiantsoana lehibe iray hivoaka ao amin'izao andro farany izao.

11 Ny lohahevitro izao hariva izao dia: *Handeha Alohan'Ny—Ny Fahoriambe Ve Ny Fiangonana?*

12 Ankehitriny dia efa tara kokoa noho izay eritreretinareo izao. Tena tara izao, hany ka mino aho fa saiky tara loatra izao eto Amerika. Eo amin'ny faran'ny làlana mihitsy isika. Ary aninkeo maraina, raha nitory ny amin'i Babylona sy ireo toerany aho, dia nihevitra aho fa ho tena tsara izao hariva izao, ny hitondra ny sasany avy ao amin'ny Baiboly, mba hanehoana hoe akaiky ny Fihavian'ny Tompo toy ny ahoana no misy antsika. Ary afaka mijery isika, miaraka amin'ny masontsika ara-boajanahary, fa misy zavatra izay vonona ny hiseho.

13 Misy karazan'ny—ny fikorontanana iray eo anivon'ny olona, sarotra mihitsy ny hiezahana hanana fifohazana iray. Ireo fiangonana dia tena samihafa, ary mifanakenda, noho ireo sakana ara-anaram-piangonana. Ary tena mikorontan-tsaina ireo Kristiana, toa tahaka an'izany, ary mikorontana. Fa, fantatrareo, hafahafa ilay izy, saingy hoy ny Tompontsika hoe, "Rehefa manomboka miseho ireo zavatra ireo, dia miandrandrà," fa miha-manakaiky ny fanavotana antsika.

14 Ary araka ny ahitantsika ny Famindrampony lehibe, rehefa manomboka mitosaka eo amintsika izany, mahita an'ireo Tànany amin'ireo famantarana sy fahagagana lehibe; fa, hisokatra ireo masontsika, ao anatin'ny minitra vitsy, mba handinika. Ary avy eo dia izany no manome antsika an'ity fiononana mihaja ity, mba hahafantatra fa mbola velona ilay Andriamanitry ny Baiboly androany. Ary tia an'ireo Zanany Izy, ka manome fampitandremana azy ireo Izy. Ary ireo izay misaina ara-panahy, no mivoaka.

15 Koa mahamarika isika, tamin'ny andro izay noresahan'i Jesosy, hoy Izy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, sy tamin'ny andron'i Lota."

16 Ankehitriny, teo amin'ny fihaonan'ny fotoana tsirairay, dia nanome antso iray an'ny famindrampo foana Andriamanitra alohan'ny antso iray an'ny fitsarana.

17 Ankehitriny raha mpahay tantara ianareo, ary efa nianatra ny tantara aho tamin'ity herinandro ity, sy herinandro roa na telo farany, ireo Mopera Talohan'ny Niseana, avy amin'ilay

tantaran'ny fiangonana fahiny nialoha indrindra ny Fivoriambe Niseana, ary tamin'izany no nanaovana ny fiangonana Katolika tao amin'ireo dimanjato sy arivo taona an'ireo taona maizina. Ary hitako izany tao amin'io soratra Niseana io, na ny Fivoriambe Pre-Niseana, fa nanana an'ilay zavatra iray ihany izay misy antsika amin'izao andro izao izy ireo. Oh, ahoana fa mamerina ny tenany izany!

18 Ary ny mahita ny toeran'ilay fiangonana, sy ny toeran'ny olona, ary ireo famantaran'ny fotoana, dia voasoratra hatraiza hatraiza izy ireo.

19 Ankehitriny, alohan'ny mba anaovan'Andriamanitra zavatra iray, eo amin'ny fihaonan'ny fotoana, dia mandefa famindrampo foana Izy, anjely iray, mpaminany iray, Hafatra iray. Ary tahaka ny isan'andro, anefa, dia ahifikifika tanteraka izany. Tsy tehandray an'Izany ny fiangonana.

20 Noa. Niresaka ny amin'i Noa Izy eto. Ary nitory teny nandritry ny roapolo amby zato taona izy. Ary na dia famindrampo aza ny hafany, dia diso tamin'ny fihainoana tsara ny fampianarany ny olona. Izany dia zavatra iray izay tokony hamonjy azy ireo, kanefa tsy nihaino izy ireo. Ary raha tsy izany no sary tena tsara tarehy an'ireo fotoan'izao andro izao!

21 Ankehitriny, mety hilaza amiko ianareo hoe, "Rahalahy Branham, ahoana no ahafahanao hilaza hoe 'tsara tarehy,' ka mandoko aminay an'ilay sary izay lokoinao?"

22 Tsara tarehy ilay izy satria ho avy tsy ho ela ho an'Ny Fiangonany ny Tompo Jesosy, ary izany no fisainana tsara tarehy indrindra izay hany azon'ny zava-boaharin'Andriamanitra eritreretina; ny mivoaka avy amin'ity korontana ity ka miditra ao amin'Ny Voninahiny voatahy, izay hahatonga an'ireo antitra ho tanora, sy ireo marary ho sitrana mandrakizay. Tsy hisy intsony ny alahelo sy aretim-po. Raha tsy izany no zavatra tsara tarehy indrindra izay azoko eritreretina! Ary voatahy toy ny ahoana izany ho an'ireo izay miandry an'io fotoan'ny fanangonana io.

23 Mahita isika ankehitriny, raha niverina nitodika tamin'ny andron'i Noa Jesosy. Ndao isika hiverina, satria hoy Izy hoe, "Makà ohatra iray avy amin'io andro io."

24 Ankehitriny, rehefa i Kaina sy Abela. Rehefa namono an'i Abela i Kaina, ary avy eo dia naka ny toerany i Seta. Hitantsika fa niezaka handringana an'io Taranaka izay tokony ho avy io i Satana, fa Andriamanitra no nampanantena, hoe, "Ny Taranaky ny vehivavy no hanorotoro ny lohan'ny taranaky ny menarana." Dia niezaka handringana an'io Taranaka mpanjaka io i Satana, ary nihevitra izy fa vitany izany rehefa nandringana an'i Abela izy. Saingy nanangana an'i Seta ho eo amin'ny toerany Andriamanitra. Sary tena tsara tarehy iray an'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Kristy, sy ilay Taranaka mpanjaka ho avy.

25 Avy eo dia miavaka ny mahamarika hoe ahoana, teo amin'ilay lafiny an'i Kaina, fa lasa tena mpivavaka izy ireo. Ary vahoaka mpandeha any am-piangonana izy ireo; dia toy izany koa i Kaina izay olona iray mpandeha any am-piangonana. Nanompo ny Tompo izy. Nanorina alitara iray izy. Nikambana tamin'ny fiangonana izy. Nandoa ny trosany izy. Izy dia, tao amin'ny fanajana rehetra izay azon'ny olona nijerena azy, dia tena mpino iray.

26 Fa kilasin'olona telo ihany no misy, izany dia, ireo mpino, ireo tsi-mpino, ary ireo mody-mpino. Ary mbola feno azy ireo izao tontolo izao amin'izao hariva izao.

27 Ary mody-mino fotsiny i Kaina. Fa avy tamin'ny tantaram-pirazanany no tonga ny vondrona lehibe iray an'ny vahoaka mpandeha any am-piangonana, tena mpivavaka.

28 Ankehitriny, tena tsy mahazatra indrindra izany, saingy efa voamarikareo ve fa avy teo amin'ny lafiny no tonga ilay taranaka voakolo, nianatra? Manambara mazava an'izany ny Baiboly. Hoy Izy hoe, "Nanorina izy ireo, ary nanao zavatra malaza izy ireo." Ny siansa dia tonga avy tamin'ny tantaram-pirazanan'i Kaina. Ary ireo siantifika malaza, sy ireo dokotera, ary ireo lehilahy malaza, dia nivoaka avy tao amin'ny tantaram-pirazanan'i Kaina.

29 Fa, ilay lafiny hafa dia—dia karazan'olona mahantra iray, tantsaha, saingy olona izay nino ny Andriamaniny ho tena misy izy ireo. O Andriamanitra, isao miaraka amin'izy ireo aho!

30 Ary alohan'ny ahatongavan'ny andro farany mihitsy, dia nisy fifanjevoana lehibe iray. Ary ny lafin'ilay fiangonana malaza, dia toy ny hoe, nahazo fandresena izy ireo, tahaka azy amin'izao andro izao mihitsy, nohon'ny siansa.

31 Ary ny zavatra lehibe hafa iray: hoy izy hoe, "Nanorina izy ireo." Tsy nisy mihitsy fotoana iray tao amin'ny tantara izay tena nampalaza ny fanorenana tahaka ny ankehitriny. Izany no iray amin'ireo famantarana ny andro farany. Tsy nanana fotoana iray ho an'ny tranobe mihitsy isika. Nefa ankehitriny, na dia ao amin'ny tanàna kelintsika eto aza, dia tsy afaka mahita efitra ampy handehanana hihaza bitro intsony aho. Tetik'asa momba ny trano daholo ilay izy; manorina fotsiny ary mamboly. Ary raha nanokatra ny masontsika isika, dia izany no iray amin'ny tsatokam-pamantaran'Andriamanitra fa antomotra ny farany.

32 Ary efa nitory teny isika aninkeo maraina, teo amin'ireo sambon-danitra sy bala afomanga, hoe ahoana no ahafahan'izy ireo mitsangana any Moscou, ka mandefa bala afomanga iray mankany afovoan'ny Fourth Street any Louisville, nefa tsy miala ao Moscou mihitsy. Ary handavaka lavaka iray eo amin'ny tany izany, dimy amby fitopolo amby zato dian-tongotra ny halaliny, ho an'ny dimampolo amby zato maily manodidina azy. Izany hoe goavana toy ny ahoana ilay lavaka hisy. Ny telo amin'izy ireo dia

handrava ny tany manontolo, hanozongozona azy hiala amin'ny fihodinany. Ny siansa, hitanareo ve hoe eo amin'ny lafiny iza no misy azy? Eo amin'ilay lafin'ny ratsy fanahy izany.

33 Manantena ny Zanany hatoky Azy Andriamanitra ho an'ny zavatra rehetra izay ananan'izy ireo. Saingy isika dia tehatoky ny tànan'olona. Aleoko manana ny fanantenako miorina ao amin'i Kristy, maka ny fijoroako mihaja eo ambonin'ny Fahasoavany sy ny famindrampony, toy izay andian'olona nianatra iray izay hanao rafi-pandaminana iray, manao hoe, "*Ity* no làlana." Hoy Kristy hoe, "Izaho no Làlana, ny Fahamarinana, ary ny Hazavana. Ary tsy misy olona manatona ny Ray raha tsy manatona amin'ny Alàlako izy."

34 Noho izany, dia afaka mahita ianareo, fa andro lehibe an'ny fianarana izao. Andro lehibe an'ny fifandirana maneran-tany izao. Ary eo afovoan'izany mihitsy, dia tsy maintsy nanana siantifika maneran-tany iray malaza kokoa noho izay ananantsika ankehitriny izy ireo. Nanorina an'ireo pyramida izy ireo. Isika tsy manana zavatra iray izay hanorina pyramida, raha efa mba nanakaiky an'izany ianareo. Efa tany amin'izany aho, tany Egypta, ary ireo any Mexico. Ary malalaka, ireo vondrontanàna avo, dia vatobe izay nilanja hatrany amin'ny an-jatony taonina, naorina teo amin'ny tampon'io tranobe lehibe, goavambe io. Ary voakapa tanteraka ilay izy hany ka tsy misy efitra ho an'ny hareza iray akory aza; tena voadidin'olo-mahay ilay izy. Oh, andro iray an'ny siansa toy ny inona! Ary, izao koa, tena mipetraka tanteraka eo amin'ny ivon'ny tany ilay izy, ary tsy mampaninona na aiza no misy ny masoandro, fa tsy misy aloka iray mihitsy manodidina azy. Misalasala aho raha afaka mitovy amin'izany isika, amin'izao andro izao, ao amin'ny siansa moderina antsika.

35 Fa hoy Jesosy hoe, "Tahaka ny tamin'izany andro izany, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'Andriamanitra." Ankehitriny, fa nitory teny nandritry ny roapolo amby zato taona i Noa, nefa, mariho, fa nihomehezana izy.

36 Ankehitriny, nilaza koa Jesosy, hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia ho izany ilay izy, tamin'ny andron'i Lota, dia nihinana izy ireo, nisotro, nampaka-bady, namoaka hanambady, namboly, nanorina, nivarotra, nividy."

37 Oh, tsy nisy mihitsy andro iray, izay, tena ara-barotra betsaka, tahaka ny amin'izao andro izao, fiara tranainy betsaka fotsiny sy ny sisa. Tena betsaka, hany ka, afaka mividy vata fampangatsiahana iray ianareo amin'ity taona ity, ka mandoa eo amin'ny efatra na dimanjato dolara ho an'izany, ary ny taona manaraka dia tsy misy olona hila azy. Efa lany andro ilay izy. Tsy hitanareo ve hoe aiza no anaovan'ilay tontolo ara-barotra ny oronareo ao amin'ilay kodiarana fitotoana? Afaka mividy fiara iray ianareo amin'ity taona ity, ary amin'ny taona

manaraka dia tena tsara tahaka an'ilay anankiray izay azonareo novidiana tamin'izany fotoana izany angamba ilay izy, saingy hihem-bidy arivo dolara izy satria novain'izy ireo ilay saron'ny fampangatsiahan-drano na nanao zavatra dondrona kely iray teo amin'izany izy ireo. Resa-barotra iray fotsiny ihany ilay izy, mba hanatanteraka ny Baiboly.

"Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, sy tamin'ny andron'i Lota."

38 Kanefa, isan'andro, dia niseho ireo anjely, nitsangana ireo mpaminany, ary ny hafatr'izy ireo dia efa fahasoavana foana, famindrampo, ary fanafahana. Efa fanafahana foana ny hafatr'Andriamanitra, mialoha indrindra ny andro farany. Amarino manerana ny Soratra izany. Ahoana fa nitory ny fanafahana i Noa, nefa izy ireo nihomehy azy ireo sy naneso azy ireo, ary voavingavinga.

39 Ary tahaka ny tamin'ireo andro ireo, dia toy izany koa amin'izao andro izao. Ary rehefa mandroso miaraka amin'ny Hafatra iray ianareo, hoe nitsangana tamin'ny maty Kristy, araka ny Nampanantenainy fa haneho ny Tenany Izy. Fa izy ireo dia manao amin'izao andro izao, amin'ity hafatra ity, tahaka ny nataony fotsiny tamin'ilay Hafatra tamin'ny andro hafa.

40 Nandeha nankany Sodoma i Lota, ary niezaka ny tsarany indrindra mba hanao ny fianakaviany hihaino ny hafatr'ireo Anjely, saingy naneso azy izy ireo ary nilaza fa nisangisangy izy.

41 Oh, sary iray an'ity andro ity toy ny inona! Rehefa mitondra amin'izy ireo ny Hafatry ny fanafahan'Andriamanitra ianareo, dia hoy izy ireo hoe, "Misangisangy fivavahana ianareo. Manandrana maka tahaka zavatra iray ianareo." Karazana vondrona iray ihany! Ora iray toy ny inona no iainantsika! "Eny, mihevitra izy ireo fa izy ireo irery ihany no masina izay ho voavonjy. Mihevitra izy ireo fa izy ireo irery ihany no mitory ny Filazantsara."

42 Hoy Jesosy hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Tsy Teniko izany. Ny Teniny izany.

43 Ary mariho, tiako ianareo hanamarika, haingana, karazana hafatra inona ilay izy. Oh, nampientanentana ny foko mihitsy ity. Rehefa mieritreritra an'i Sodoma sy Gomora aho, hoe lasa tena naloto, ara-pitondran-tena, hany ka hatraiza hatraiza ireo fahasimbàna.

44 Saingy mialoha indrindra an'ilay fandringanana farany, lehibe, dia nandefa mpaminany iray Andriamanitra tany. Ary izaho dia mieritreritra, ihany koa, fa nandefa Anjely iray Izy tany, ary tiako ianareo hanamarika ny Hafatr'ilay Anjely. Abrahama, izay nandray ny làlany niaraka tamin'ireo vitsin'ny Tompo nohamavoina, ary nipetraka tany amin'ny tany efitra izay nisy an'ireo tany mahantra izy.

45 Fa nandeha i Lota ka lasa ben'ny tanàna, ary lehilahy malaza iray teo anivon'ny fahotana izy. Aleoko tsy ho tena malaza, nefa hahitsy amin'Andriamanitra. Fa tena nalaza i Lota, ary nipetraka teny an-dàlambe izy, teo amin'ny vavahadin'ny tanàna. Izy dia mpitsara iray an'izay afaka niditra sy tsy afaka niditra. Ary teo izy, nanolotra ny fiainany ho an'ny fijangajangana, nefa nahafantatra fa niseho tao amin'ny tanànany ireo karazan-javatra ireo.

46 Raha tsy izany no sary iray an'izao andro izao, ato amin'ny firenentsika; ireo fandaharana tsy voasivana, ireo karazana hadalana rehetra, faharatsiam-panahy, hafetsena! Oh, afaka manafoana an'izany izy ireo, raha tiany, saingy tsy te-hanao an'izany izy ireo. Ary tsy afaka manao an'izany izy ireo, satria Andriamanitra no nilaza fa ho tahaka an'izao ilay izy. Raha afaka nanokatra ny masony fotsiny mantsy izy ireo ka afaka nahazo!

47 Ary, mariho, mialoha indrindra ny ahatongavan'ilay ora lehibe. Abrahama sy Saraha, izay nipetraka tany ivelany teo ambanin'ilay hazo ôka, indray andro raha mbola teo ivelany teo izy ireo, dia nahita an'ireo Lehilahy tonga i Saraha. Dia niala nankao amin'ny tranolay izy.

48 Fahasamihafana iray toy ny inona, ho an'ireo vehivavin'ity andro ity, ary hafa toy ny ahoana izany tany Sodoma. Rehefa tonga ny ora izay hodian'ireo lehilahy any an-trano, dia manao an'ireo akanjony fohy kely izy rehetra, ary mivoaka ka mitondra an'ilay fijinjana zaridaina. Fahasamihafana iray toy ny inona!

49 Fa nandeha nankao amin'ny tranolay i Saraha. Ary rehefa nandeha izy, dia tonga ireo Lehilahy ireo. Ary nijery Azy ireo i Abrahama. Toy ny hoe Lehilahy vahiny Izy ireo raha ny marina. Ary ny Anankiray tamin'Izy ireo dia toy ny hoe ilay Mpitondra teny, ary rehefa nipetraka Izy ka nanomboka niresaka tamin'i Abrahama . . .

50 Hoy i Abrahama hoe, "Mipetraha eto, fa haka rano kely aho, ka hanasa ny Tongotrao. Ary hangaroharo mofo kely aho. Ary ho vonona izahay, ka afaka mihinana sombin-kena iray Ianao. Ary avy eo dia afaka manohy mandeha Ianao."

51 Ary rehefa nihazakazaka nankany amin'ny andiam-biby izy, ka nahita an'ilay zanak'omby matavy, dia namono azy. Niteny tamin'i Saraha mba hangaroharo mofo kely iray ka hanao mofomamy vitsivitsy.

52 Dia niresaka tamin'ilay Lehilahy izy. Mino aho fa, na manao ahoana na manao ahoana, dia nahafantatra i Abrahama hoe Iza io. Ary ilay Lehilahy izay mpiteny, dia nanatodika ny Lamosiny tany amin'ilay tranolay. Izy no Iraka ho an'io andro io. Dia hoy Izy hoe, "Abrahama, hamangy anao Aho araka ny teny fikasana, dimy amby roapolo taona tany aloha. Nanao teny fikasana iray taminao Aho, ary hijanona miaraka amin'izany Aho."

53 Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Nanao teny fikasana iray Andriamanitra hoe, "Amin'ny andro farany, dia handatsaka Ny Fanahiny amin'ny nofo rehetra Izy," ary hijanona miaraka amin'izany Izy. Nanao teny fikasana iray Jesosy, ka nanao hoe, "Ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa," ary hijanona miaraka amin'izany Izy, satria marina Izy.

54 Dia nijery Azy i Abrahama. Ary hoy Izy hoe, "Saiky amin'ny fotoana toy izao amin'ny volana manaraka, araka ny andron'aina," ny amin'i Saraha izany, "hamangy anao Aho, ary hahazo zaza iray izay Nampanantenaiko i Saraha." Ankehitriny, Abrahama dia zato taona, ary Saraha dia sivifolo.

55 Ary i Saraha, taorian'ilay Anjely, tao anatin'ny tranolay, dia nandeha . . . nihomehy.

56 Ary ilay Anjely, niaraka tamin'ny Lamosiny nitodika, nanao hoe, "Nahoana no nihomehy i Saraha?" Izany ilay Iraka. [Mandondòna ny polipitra impito Rahalahy Branham—Mpand.] Oh, fantatrareo ve izay resahako? Karazana fifandraisana aratsaina toy ny inona izany, niaraka tamin'ny Lamosiny nitodika tany amin'ny tranolay, ary izy tao anatiny? Ary nitsiky izy. Ary hoy Izy hoe, "Nahoana no nihomehy izy?" Fantany ilay izy. Ary izany ilay Hafatra farany nialoha indrindra ny nandorana an'i Sodoma sy Gomora. Rahalahy, raha mandre an'Izany ianareo, izao hariva izao, dia izao ankehitriny izao no Hafatra farany mialoha ny handorana an'ity izao tontolo izao ity. Hitanareo ve ny natioran'ilay Anjely? Iza io Anjely io? Izany dia Andriamanitra.

57 Tsarovy, Abrahama dia niantso Azy hoe, "Tompo." Ary ny fandikana eo dia "Elohima, ilay Jehovah lehibe, mahery." Izany no Jesosy Kristy velona indray tamin'ny endrika hafa.

58 Hoy ny olona iray hoe, "Ny tianao ho lazaina ve dia hoe izany no . . . ? Ahoana no Nananany an'io vatana io?"

59 Nahoana, Nantsoiny fotsiny ireo Anjely roa ireo. Dia notsofiny fofon'aina kely iray, tahaka an'*izao*, dia tonga niaraka ireo atoma sy sokay ary potasy, ka niditra tao amin'ny anankiray i Gabriela, ary ilay Anjely iray hafa tao amin'ilay hafa. Ary nanao anankiray ho an'ny Tenany Izy.

60 Isaorana anie Ny Anarany masina! Tena faly aho, izao hariva izao, ny mahafantatra fa io Andriamanitra Tsitoha iray io ihany, Izay afaka nanao vatana iray ho an'ny Tenany mba ho velona ao, ao Aminy ny tokiko, hoe indray andro any dia hanangana an'ity anankiray ity Izy, araka ny Nampanantenainy fa hatao.

61 Ary eto afovoantsika Izy, manao an'ilay tena zavatra iray ihany izay Nataony tany. Oh, deraina Ny Anarany be voninahitra; manome fampitandremana antsika, miresaka amintsika, miteny amintsika mba ho vonona. Mazava ho azy, hoy Izy hoe, "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Kanefa, ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho,

ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny faran'izao tontolo izao." Ora iray toy ny inona no iainantsika!

62 Mariho, io Anjely izay nitondra afo io, no ilay Anankiray Izay nanao an'io fahagagana io. Ary mahafantatra isika rehetra fa izao tontolo izao dia ho ravàna, ilay fotoana manaraka, amin'ny afo. Ary ilay Anjely izay nirahina nankany Sodoma sy Gomora . . . Jereo izay nolazain'i Jesosy. Oh, mampientanentana ny fanahiko fotsiny ny ho tonga eo amin'izany. "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona." [Nandondòna impito ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Inona no nataon'io Anjely io? Nanana ny fanahin'ny famantarana Izy. Ary hoy Izy hoe, "Tahaka ny tamin'izany, dia ho toy izany koa rehefa voambara avy any An-danitra ny Zanak'olona." Hitanareo ve izany? Eritrereto fotsiny, hoe, eto afovoantsika ankehitriny no mitsangana io Anjelin'Andriamanitra iray io ihany, izay tsy hafa fa Jesosy Kristy Tompo, amin'ny endrika Fanahy Masina. Eto afovoantsika Izy, "Amin'izany andro izany." Ary Izy no Andriamanitra, ary izany Ny Hafany nialoha indrindra ny nahatongavan'ilay fandravàna.

63 Ankehitriny dia hanamarika isika fa Hafatry ny fanafahana iray izany. Nandeha Izy ary niezaka nanafaka ny olona, nefa nandà ny hihaino Azy izy ireo.

64 Ary, amin'izao andro izao, dia ilay zavatra iray ihany izany ao amin'ny firenentsika, eo anivon'ny olontsika. Efa nanana tombontsoa nahita an'i Jesosy Tompontsika aho, tao amin'ireo fivoriana, nanao famantarana sy fahagagana ary zavatra lehibe. Ary hitsangana eo amin'ny lampihazo tokoa ny olona ka hahafantatra, any ankoatry ny aloky ny fisalasalana, fa ilay—fa ilay Andriamanitra lehibe, tsy mety maty, tsi-manam-petra dia manatrika ary manao an'ilay karazana fahagagana iray ihany; fa hitsangana eo izy ireo ka hitsako siligaoma, ary hiala eo amin'ny lampihazo, tsy voakasika. Tsy miraharaha izy ireo.

65 Ilay izy amiko dia toy ny hoe, mitovy, raha nanana ny ara-panahy kely iray ny olona iray mikasika azy, na ny Fanahin'Andriamanitra ao aminy, ka rehefa nahita ny Tompo Jesosy nanao an'izay Nolazainy fotsiny fa Hataony izy, dia ho nampientanentana ny fony amin'ny fomba iray izany, ka tsy afaka hihazona ny filaminany intsony izy. Hanao ny firenena hirehitra miaraka amin'ny Hafatra izy. "Tahaka ny tamin'ireo andro ireo," hoy Izy, "dia ho toy izany koa ilay izy."

66 Nivoaka ilay hafatra, nefa dia nihomehezan'izy ireo fotsiny izany ary nesoin'izy ireo, toy ny olona anankiray izay mitantara karazana tantara mandany andro iray. Saingy an'ny famindrampo izany, sy an'ny fahasoavana, ary an'ny fanafahana izany. Oh, oadray!

67 Ary nilaza ilay Anjely, tamin'io maraina io, tamin'i Lota, rehefa avy nanolotra an'ilay hafatra Izy; hoy Izy hoe, "Haingàna, mankanesa ao, fa tsy afaka manao na inona na inona Aho raha tsy efa tonga ao ianao." Tiako ianareo hanamarika an'ity ankehitriny, satria manafohy isika eto, noho ilay laharambavaka. Efa voamarikareo ve hoe inona no nolazain'ilay Anjely? "Tsy afaka manao na inona na inona Aho raha tsy efa tonga ao ianao." Inona izany? Izany no hafatry ny fanafahana iray. Ary alohan'ny nahafahan'ny pentin'afo iray hilatsaka avy tany An-danitra, dia tsy maintsy nivoaka an'i Sodoma i Lota.

68 Ary talohan'ny nilatsahan'ny pitik'orana iray avy tany An-danitra, dia niditra tao anatin'ny sambofiara i Noa.

69 Ary alohan'ny handonan'ny baomba atomika an'ity firenena ity, dia handeha ho any amin'ny Fampakarana ny Fiangonana, mba hihaona amin'ny Tompo Jesosy. Ary raha tafapetraka ireo sambon-danitra sy bala afomanga, ka voatsindry ireo fanapihana, dia mitsangana ao amin'ny filaharana ireo Anjely rehetra. Haleloia! Feno hipoka ireo lalantsaran'ny Lanitra. Ao amin'ny fampiaraham-peo ireo harpa rehetra. Efa nahavita famerenan-kira ireo tarika malaza. Hisy fodiana any an-Trano iray tsy ho ela mihitsy, ho an'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona, izay efa niandry Ny Fihaviany. Ao amin'ny lamina ny zavatra rehetra. Tena faly aho. Tena miha-reraka aho. Oh, ho an'io ora malaza io!

70 Ary ny mieritreritra, fa, efa nanao ny ampahany iray tao amin'ity fihaonan'ny fotoana ity isika! Tsarovy, "Ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona, rehefa voambara avy any An-danitra ny Zanak'olona."

Ankehitriny, tsarovy, talohan'ny nilatsahan'ny ranonorana, dia efa tao anatin'ny sambofiara i Noa.

71 Talohan'ny nilatsahan'ny afo, dia efa tany ivelan'i Sodoma i Lota. Satria, hoy ilay Anjely hoe, "Tsy afaka manao na inona na inona Aho raha tsy efa tonga ao ianao. Manana an'ilay fitifirana eto an-tànako Aho, mba hosintonina ka hanao an'ireo afo hilatsaka avy any An-danitra."

72 Ary heveriko fa marina tokoa izany. Mihazona ny tànan'i Rosia ilay Anjelin'ny fandringanana, miaraka amin'ireo baomba atomika; mandra-pahatongan'ilay Fiangonana ho tonga miaraka, sy ho Vatan'i Kristy anankiray lehibe. "Tsy afaka manao na inona na inona Aho raha tsy efa tonga ao ianao." Oh, raha tsy antoka voatahy iray izany!

73 Ary raha mahita ny zavatra rehetra voapetraka ao amin'ny lamina isika, dia ao amin'ny lamina ilay fandehanana any an-Trano an'ilay Fiangonana. Indro ilay Anjelin'Andriamanitra miaraka amin'ilay Hafatra iray ihany, manao an'ireo famantarana iray ihany, ireo fahagagana iray ihany, ny zavatra rehetra dia ao amin'ny lamina. Ry Branham Tabernacle, dimy

amby roapolo taona lasa izay, saiky, no niresahako teto amin'ity polipitra iray ihany ity sy nitenenako fa hitranga ireo zavatra ireo, indray andro any. Indro ilay izy! Eo amin'ny andro farany isika izao. Eto ilay fihaonana. Izao no saiky fotoan'ny fandehanana any an-Trano ho an'ilay Fiangonana.

74 Ireo mpitsikera, mananihany, maneso, mamingavinga, tahaka azy ireo tamin'ny Nebokadnezara Mpanjaka sy Beltesazara. Toy izany koa izy tamin'ny andron'i Noa. Toy izany koa ilay izy tamin'ny andron'i Lota. Ary manao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo amin'izao andro izao.

"Tsy afaka manao na inona na inona Aho raha tsy tonga ao ianao."

75 Tiako ianareo hanamarika, fa i Lota dia nivoaka avy tao amin'ny zavatra iray izay handringana azy, ary i Noa dia niditra tao amin'ny zavatra iray izay hamonjy azy. Ary izany dia tandindona iray an'ilay Fiangonana. Nivoaka avy tao amin'izao tontolo izao isika, ary lavitra an'ity taonan'i Elvis Presley sy Arthur Godfrey izay iainantsika ity. Mivoaha avy ao amin'izao tontolo izao ka midira ao amin'i Kristy! Mivoaha avy ao amin'izao tontolo izao. "Ireo izay avy amin'izao tontolo izao, dia ho levona miaraka amin'izao tontolo izao." Ireo izay ao amin'i Kristy dia handeha any an-Trano miaraka amin'i Kristy. "Fa ireo izay nodimandry tao amin'i Kristy no ho entin'Andriamanitra miaraka Aminy rehefa tonga Izy." Nivoaka avy tamin'izao tontolo izao isika, mba hiditra ao amin'i Kristy ho an'ny fiarovana. Oh!

76 "Fa tsy afaka manao na inona na inona Aho raha tsy tonga ao ianao." Tiako izany. "Haingana! Mandosira!" Maika ilay hafatra. "Haingana! Haingana! Mandosira!"

77 Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Jesosy no nampanantena fa ho voatory ity Filazantsara ity. Efa nanohy nandritry ny taona sy taona izany ankehitriny. Ary indro izany fa eo amin'ny andro farany, ilay famantarana farany lehibe. Nialoha indrindra ny nihorakorahan'ireo Anjely hoe, "Haingana," dia nitodika Izy ka nanao hoe, "Nahoana no nihomehy i Saraha?" Ilay Anjelin'ny fandringanana, hoy Izy hoe, "Efa nandre ny amin'ireo fahotany Aho, ary midina Aho mba hahita raha izany no fahamarinana na tsia." Dia hitany fa izany no fahamarinana. Ary ilay hafatra dia fahasoavana, sy famindrampo, ary fanafahana. Fa, "Haingana! Haingana!"

78 Oh, rankizy, aza mipetraka miondrika ka manontany. Haingana! Haingana! Malaky! Antomotra ilay fotoana. Mihazakazaha (aiza?) mivoaka tahaka ny nataon'ireo vorona kely, mialà lavitra an'ireto rindrina goavana moderina an'i Babylona ireto, ireto anaram-piangonana goavana ratsy ireto izay manao hoe, "Tsy misy fahasamihafany ny andro." Ireto fiangonana goavana ratsy tsy mino ireto izay manao hoe, "Tena

misy izany karazana fanasitranana avy amin'Andriamanitra izany. Tsy misy ny fahagagana." Mialà lavitra an'ireo rindrina ireo, satria hirodana izy ireo. Handeha ao anatin'ny faharavàna sy faharesena izy ireo, satria ny Andriamanitro no niteny an'izany.

79 Mihazakazaha mankao afovoan'i Kalvary any! Raha nankany amin'ny hazo ireo vorona, dia mandehana ianareo mankany amin'ny hazo, ihany koa, ilay hazo izay nanohomboana an'i Kristy. Mihantòna eo afovoan'ny Famindrampony any, ka miantsoantsoa an'Andriamanitra mandra-pandalon'ilay tafiodrivotra.

80 Haingana! Mandosira! "Tongava eo, satria tsy afaka manao na inona na inona Aho raha tsy tafavoaka ianao." Miandry anareo Izy. Mialà lavitra an'ireo zavatra ratsy moderina ireo. Mialà lavitra an'io televiziona io rehefa mandeha ireo karazana kilalao. Mialà . . . Vonoy io radio io rehefa manomboka io rock-and-roll io. Mihetseha tahaka ny ramatoa iray. Miankanjoa tahaka ny ramatoa iray. Mihetseha tahaka ny lehilahy iray. Miankanjoa tahaka ny lehilahy iray. Miresaha tahaka ny Kristiana iray. Miainà tahaka ny Kristiana iray. Dory ireo tetezana rehetra ireo. Haingana! Mivoaha! Antomotra ny fandringanana. Leo Andriamanitra.

81 Oh, efa tara nohon'ny heverinareo izao. Antomotra ilay ora. Ny famindrampon'ny Anjely, ilay Anjelin'ny famindrampo Izay nandefa Ny Hafany, dia eto mihitsy izao hariva izao. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy maintsy handeha alohan'ny vanimpotoan'ny Fahoriambe ve ny Fiangonana? ["Amena."]

82 Jereo. Nandeha tao Gosena i Isiraely; fa Egypta nandeha tao amin'ny aizina. Nandeha tao Gosena i Egypta, nentina nankany amin'ny tany nampanantenaina. Niditra tao amin'ny aizina i Egypta, ary nilevina tao anatin'ny Ranomasina Maty.

83 Haingana! Haingana! Mandosira! Mety ho izao no fanararaotranareo farany. Ary tsarovy, mahita an'ireo bala afomanga mipetraka isika. Mandre azy ireo isika, mijery an'izany eo amin'ny gazety isika. Mangovitra izao tontolo rehetra izao. Ny zavatra rehetra izay nolazain'Andriamanitra dia miseho.

84 Noho izany dia inona ny mikasika an'izany? "Amin'ny andro izay hanambaran'ny Zanak'olona ny Tenany avy any Andanitra." Inona ny Zanak'olona, izay voambara? Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Jereo ny andininy faha-21, na ny andininy faha-30, ilay izy.

Dia ho toy izany mihitsy koa amin'ny andro *izay hanambarana ny Zanak'olona* avy any an-danitra.

85 Inona izany? Ireto Hafatra ireto izay . . . Io zavatra io dia tsy mbola nitranga mihitsy hatramin'ny naha-teto an-tany

an'i Jesosy. Ary indro izy, eo amin'ny faran'ny taonan'ny Jentilisa. Ndao isika hijery an'izany vetivety fotsiny, ary hieritreritra mafy.

86 Rehefa teto an-tany Jesosy, dia tsy nihambo ho mpanasitrana iray Izy. Hoy Izy hoe, "Tsy Izaho no manao an'ireo asa; Ny Raiko izany. Fa Izaho dia manao fotsiny ihany an'izay asehon'ny Ray Ahy mba hatao." Masindahy Jaona 5:19, hoy Izy hoe, "Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo, Ny Zanaka dia tsy manao na inona na inona ao amin'ny Tenany, afa-tsy izay Hitany ataon'ny Ray."

87 Raha manamarika an'i Filipo ianareo, rehefa niova fo voalohany izy. Tsy . . . Nanomboka ny Asam-panompoany voalohany Izy, ny Tompo Jesosy, inona no nitranga?

88 Ndao isika hijery hoe ahoana no hanambaran'ny Zanak'olona ny Tenany. Raha Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, dia tsy maintsy hanambara ny Tenany tahaka ny Nataony omaly Izy. Raha manambara Izy fa tsy miova, dia tsy maintsy hanambara an'ilay Hafatra iray ihany Izy. Ampilaminana, dia diniho.

89 Rehefa nanatona Azy i Petera taorian'ny Asam-panompoany, Masindahy Jaona 1. Nandeha teo Aminy i Petera. Tsy nantsoina hoe Petera izy tamin'izany fotoana izany; nantsoina tamin'ny anarana hafa iray izy. Fa rehefa nandeha teo Aminy izy, dia hoy Izy hoe, "Ianao no Simona, ary ny rainao dia Jonasy."

Nieritreritra io mpanjono antitra io hoe, "Ahoana no Nahafantarany ahy?"

90 Ary avy eo Filipo, avy any Betesda, ihany koa, nandeha nanerana an'ilay tendrombohitra izy, ary nahita sakaiza iray, Natanaela, teo ambanin'ny hazo iray, nivavaka. Hoy izy hoe, "Avia, jereo hoe iza no hitanay: Jesosy avy any Nazareta, ilay zanak'i Josefa."

Diniho ankehitriny hoe ahoana no Nanambarany ny Tenany.

91 Dia hoy izy hoe, "Ankehitriny mety hisy zavatra tsara iray ve avy ao Nazareta?"

92 Hoy izy hoe, "Avia dia jereo." Izany no valiny tsara indrindra izay azon'ny olona anankiray omena ny iray hafa. Aza tsikeraina ilay izy. Avia, jereo amin'ny tenanareo. Oh, raha mba afaka ny ho tso-po toy izany fotsiny mantsy isika, androany.

93 Ary teny amin'ny làlany teny, dia nanomboka nampianatra azy izy. Nahoana, hoy izy hoe, "Petera, omaly, ny lehilahy iray . . . Kefasy, fantatrao ve ilay mpanjono antitra?"

"Eny."

94 "Nandeha teo anatrehan'io Lehilahy io izy, ary Noteneniny taminy hoe iza izy ary iza ny dadany."

"Ah," hoy i Natanaela, "tsy mahafantatra ny mikasika an'izany aho."

95 Ary rehefa nandeha teo amin'izay nisy an'i Jesosy izy, tao anatin'ilay laharana izay Nivavahany ho an'ny marary, dia nafantok'i Jesosy taminy ireo maso, ka hoy Izy hoe, "Indro, ny Isiraelita izay tsy misy fitaka ao aminy."

96 Ahoana no Nahafantarany fa Isiraelita iray izy? Ireo Grika sy ny rehetra, dia niakanjo nitovy ary nitovy. Ahoana no Nahafantarany fa Isiraelita iray izy? Izy no Andriamanitra voaseho tao amin'ny nofo. Inona no Nataony? Nijery Izy ary nahita azy Izy.

Hoy izy hoe, "Oviana no Nahafantaranao ahy, Raby?"

97 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, rehefa teo ambanin'ilay hazo ianao, dia efa nahita anao Aho."

98 Hoy izy hoe, "Milamina hatreo izany. Ianao no Zanak'Andriamanitra. Ianao no Mpanjakan'ny Isiraely."

99 Hoy Jesosy hoe, "Satria Aho niteny an'izany taminao, dia mino ve ianao?" Hoy Izy, "Noho izany dia afaka mahita zavatra lehibe kokoa noho izao ianao."

100 Fa nitsangana teo ilay mambram-piangonana tsy nino. Oh, nanaja sy nitokana mihitsy arak'izay naha-izy azy ireo. Izany tokoa. Nitsangana teo izy ireo niaraka tamin'ny fianarana malaza, fahatsapan'ny seminera teolojika malaza. Hoy izy ireo hoe, "Mpanao hatsarana iray io Lehilahy io. Belzeboba Izy."

101 Hoy Jesosy hoe, "Raha milaza Amiko an'izany ianareo, dia hamela anareo Aho. Fa rehefa tonga ny Fanahy Masina ka manao an'ilay zavatra iray ihany, dia ny teny anankiray manohitra an'Izany dia tsy ho havela mihitsy, na amin'izao fiainana izao na amin'ny fiainana ho avy."

102 Nisy vehivavy kely iray izay nanana fitsiha-drà. Ary tonga nandalo an'ilay vahoaka betsaka izy ka nikasika ny Lambany, satria hoy izy tao anatin'ny tenany tao hoe, "Raha afaka mikasika an'ilay Lehilahy aho, dia ho salama aho." Nikasika Azy izy. Nihazakazaka niala tamin'ilay vahoaka betsaka izy, ary nipetraka, na inona na inona nataony.

Dia nitodika Jesosy, nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?"

103 Niteny mafy Azy i Petera. Hoy izy hoe, "Jereo, mikasika Anao ilay vahoaka betsaka manontolo. Nahoana Ianao no manao hoe 'Iza no nikasika Ahy?'"

104 Hoy Izy hoe, "Saingy miha-malemy Aho. Ny hery, na tanjaka, dia niala Tamiko." Ary nijery manodidina Izy, niaraka tamin'ireo maso ireo, mandra-Pahitany azy. Ahoana no Nanaovany an'izany? Tsy fantatsika izany. Saingy Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ary nanambara ny Tenany tamin'ilay firenena Jiosy tamin'izany fanao izany Izy.

105 Rehefa tonga teo amin'ireo Samaritana Izy, teo amin'ny fantsakana ilay vehivavy, vehivavy Samaritana iray maha-te-ho tia.

106 Tsarovy, firenen'olona telo ihany no misy. Izany dia, Jiosy, Jentilisa, ary Samaritana; ny olon'i Hama, Sema, ary Jafeta. Ary ny Samaritana dia Jiosy tapany sy Jentilisa tapany. Ary tsarovinareo fa izany dia nanomboka, rehefa nanambady an'ireo vehivaviny izy ireo, sy ny sisa.

107 Ary tonga teo ity vehivavy tanora ity, izay inoantsika ao amin'ny firenentsika ho vehivavy ratsy laza iray, saingy tsy izany izy. Ity zazalahy avy any Inde ity dia afaka miteny aminareo an'izany. Ity dia Boky tatsinanana iray, nefa ianareo miezaka mamaky azy amin'ny fianarana tandrefana iray.

108 Rehefa nandeha tany Inde aho, ka nidina avy teo amin'ilay—teo amin'ilay fiaramanidina, tany Bombay, dia nisy evekan'ny fiangonana Metodista iray teo, ary izy rehetra, nitsangana teo. Hoy izy, "Aza miteny aminay fa misionera iray ianao, Atoa. Branham. Mahafantatra mikasika ny Baiboly betsaka nohon'ny hahafantaranareo Yankees mihitsy izahay." Ary marina izany. Hoy izy hoe, "Izahay dia efa nanana ny Baiboly roa arivo taona talohan'ny naha-firenena iray anareo." Marina izany. Mbola teo ny fiangonana Saint Thomas, izay nandehanan'i Saint Thomas sy nitoriany teny. "Saingy," hoy izy, "azonay fa namangy anareo Andriamanitra, mba hanao an'ity Baiboly ity ho velona indray." Hoy izy, "Izany no tianay ho fantatra." Izay ilay izy. Noana ny mofo velona izao tontolo izao.

109 Ity vehivavy Samaritana ity, raha nipetraka teo amin'ny fantsakana izy, dia hoy Jesosy taminy hoe, "Ravehivavy, itondray Aho ho sotroina."

110 Eny, nilaza izy fa nanana fanavakavahana izy ireo. Saingy Navelany ho fantany fa tsy nisy fahasamihafana izany. Andriamanitra dia nanao, avy amin'ny rà anankiray, ny olona rehetra.

111 Ary hoy Izy hoe, "Raha fantatrao hoe Iza no iresahanao, dia ianao no hangataka Amiko ho sotroina."

112 Ary nitohy ilay fifampiresahana mandra-Pahazoany ny fanahiny. Avy eo dia Hitany hoe inona ny olany. Hoy Izy hoe, "Mandehana alaivo ny vadinao dia tongava eto."

113 Inona no nitranga rehefa notenenina tamin'ilay Jiosy izany? Hoy ilay Jiosy hoe, "Ianao no Zanak'Andriamanitra." Marina izany.

114 Inona no nitranga tamin'ilay Samaritana rehefa notenenina taminy izany, nanao hoe, "Mandehana alaivo ny vadinao dia tongava eto"?

115 Hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa mpaminany iray Ianao. Ankehitriny, fantatray fa rehefa ilay Mesia, izay antsoina hoe

Kristy, rehefa tonga Izy, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo. Fa iza Ianao?"

Hoy Izy hoe, "Izaho izay miresaka aminao no Izy."

116 Nihazakazaka nankany an-tanàna izy, ka hoy izy hoe, "Avia, jereo ny Lehilahy iray izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izany ve no Mesia?"

117 Ary tsy mbola nanao an'izany mihitsy Izy, na indray mandeha aza, tamin'ny Jentilisa iray. Nahoana? Navelany ho an'izao andro izao izany. Izany ilay Nolazainy eto hoe, "Amin'ny andro izay hanambaran'ny Zanak'olona ny Tenany avy any An-danitra." Manambara ny Tenany Izy ankehitriny, amin'ilay Fiangonana, ho an'ny famindrampo. Ny fotoana manaraka Anambarany ny Tenany, dia ao amin'ny fandringanana, ho an'ireo izay nandà ny Hafatra.

118 Hamindra fo anie Andriamanitra ho...amintsika, raha mivavaka vetivety isika. *Mora Sy Malefaka,* Ranabavy Gertie, raha sitrakao.

119 Manontany fotsiny aho, izao hariva izao, mahatsapa hiala tsiny ho anareo mitsangana manodidina ny rindrina. Ary afaka mahatsapa ny fiandrasanareo aho. Manontany fotsiny aho, oh, raha hahitsy fo amin'ny tenanareo sy amin'Andriamanitra ianareo, vetivety fotsiny.

120 Te-handeha haingana sy hivoaka amin'io marina tokoa ve ianareo? Misy Lehilahy iray ao amin'ny fanatrehana izao hariva izao, antsoina hoe ny Tompo Jesosy. Manana an'ilay tapakila ho anareo Izy, ka ny hany tsy maintsy ataonareo dia omeo Azy fotsiny ny fonareo. Izy no hanasa an'izany ao amin'Ny Ràny Manokana, sy hanadio anareo hiala amin'ny fahotana sy ny fisalasalana rehetra, ary handray anareo ho an'ny amin'Ny Lanitrany rehefa tonga Izy.

121 Ary mety ho tonga alohan'ny maraina izany, ireo sambondanitra. Tsy misy zavatra anankiray lazain'ny siansa...Mandre an'izany ianareo, isan'andro, ao amin'ny radio, rehefa teo amin'ny televiziona izy ireo, rehefa nanontany an'ireo siansa izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Tsy misy zavatra iray hanakana an'ity izao tontolo izao ity tsy hipoaka amin'ny minitra rehetra." Mila fisotroana Vodka tsara iray fotsiny ilay izy, dia hisintona fitifirana iray izy ireo, ary izay no izy.

122 Haingana! Maika ny Hafatra. Haingana! Mandosira! Mihazakazaha ho an'ny ainareo! Mivoaha avy ao amin'izany. Mivoaha avy ao amin'ity Babylona moderina ity. Mialà lavitra an'ireo rindrina. Tsy afaka mahatsapa zavatra misintona mafy ve ianareo ao am-ponareo? Raha tena ara-panahy ianareo, ka miresaka aminareo Andriamanitra! Azo antoka, raha niresaka tamin'ireo vorona kely Izy, dia afaka miresaka aminareo Izy.

123 Hanangana ny tànanareo Aminy ve ianareo? Tsy manana efitra hametrahana ny olona manodidina ny alitara isika. Fa raha hanangana fotsiny ny tànanareo ianareo, ka hanao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko." Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao. Oh, oadray! Manerana ny tranobe rehetra. Tsy fantatro hoe firy ireo tànana misy eo. "Mamindrà fo amiko, O Andriamanitra. Ity ny tànako. Te-handositra aho, Tompo. Alohan'ny maraina, mety handre antsoantso iray aho, hijery any ivelany aho ka ireo avana no hitsingevana manerana ny lanitra, ho avy ilay Zanak'olona."

124 Andro iray mahatsiravina toy ny inona, hoe diso tamin'ny fanararaotranareo ianareo. Nitsangana nanodidina ny fiangonanareo mihitsy ianareo, sa tsy izany? "Oh," hoy ianareo, "nikambana tamin'ity i mama." Mety tsara izany, rahalahy. Mety tsara izany, ranabavy. Saingy tsy hampiditra anareo mihitsy ny famonjen'i mama. Niaina tao amin'ny andro anankiray i mama, fa ianareo miaina ao amin'ny iray hafa.

125 Henoy ny Hafatry ny Tompo, ary henoy ny fampitandreman'ny Fanahy. Karazana Fanahy inona Izany, io Anankiray izay namantatra io hoe ahoana fa nihomehy tao anatin'ny tranolay i Saraha? Ilay Anjelin'ny Tompo.

126 Ankehitriny miaraka amin'ny lohanareo miondrika, te-hivavaka ho an'ny tsirairay avy aminareo aho.

127 Inona no nataonareo rehefa nanangana ny tànanareo ianareo? Hoy ianareo hoe, "Nidika zavatra iray ve izany, Rahalahy Branham?" Azo antoka nidika izany. Raha tena matotra amin'izany ianareo, dia ny fahasamihafana eo amin'ny fahafatesana sy ny Fiainana no dikany. Maika ny Hafatra. Tsy hanangana ny tànanareo ve ianareo izao ankehitriny izao? "Mamindrà fo, Andriamanitra, amiko."

128 Andriamanitra hitahy an'ilay zazavavy kely. Andriamanitra hitahy an'ilay ramatoa. Andriamanitra hitahy anao; ianao, anaka; ianao, ianao, lehilahy tanora. Ireo ankizy kely rehetra manerana an'ireo alitara ireo dia manangana ny tànany kely. Eny, ho tahiana anie ireo fo kely!

Hoy ianareo hoe, "Tsy matotra amin'izany izy ireo." Oh, eny, matotra izy ireo.

129 Hoy Jesosy hoe, "Avelao ny ankizy kely hanatona Ahy, aza raràna izy ireny, fa an'ny toa azy ny fanjakan'Andriamanitra." Mety tsy ho velona ho tonga ao amin'ny fahamatorana mihitsy izy ireo. Saingy, ho velona izy ireo. Izy ireo dia ho tsy mihitsy . . . Handositra izy ireo, angamba, amin'ireo zavatra lehibe izay tsy maintsy nandalovantsika.

130 "Andriamanitra, mamindrà fo!" Rehefa manangana ny tànanareo ianareo, dia izany no maneho fa misy zavatra ao anatinareo izay nandray fanapahan-kevitra iray. Ho efa maty ny vatanareo raha tsy nisy zavatra tao anatinareo, izay

nanao hoe, "Atsangano ny tànanao." Izany ilay Fanahy. Avy eo dia manangana ny tànanareo ianareo. Andriamanitra no vavolombelon'izany. Ny Fanahy no nanao anareo hanangana ny tànanareo.

131 Andriamanitra hitahy anareo, sy ireo ankizy kely rehetra ao aoriana ao ireo. Ireo ankizy kely, mainty hoditra, ihany koa, manerana eo, Andriamanitra hitahy ny fo kelinareo, malala. Tia anareo Andriamanitra. Azo antoka.

132 Handeha hiala eto isika, indray andro any. Tsy fantatro hoe rahoviana izany, saingy izany—ho avy izany. Haingana, malaky mihitsy, midira ao amin'ny fanjakana! Hoy ianareo hoe, "Eny, efa nandre an'izany aho tany aloha." Ianareo dia mety handre an'izany amin'ny fotoanareo farany, ihany koa. Aoka ho ity no fotoana.

Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, ramatoa tanora.

133 Mialà lavitra an'ity karazan-javatra ratsy moderina ity, ireo rindrina ratsy. Hirodana izy rehetra. Io rock-and-roll rehetra sy io karazan-javatra rehetra io dia ho levona miaraka amin'izao tontolo izao. Aza mety ho tafiditra ao amin'izao tontolo izao. Mivoaha avy ao. Tonga ho an'Ny Fiangonany Andriamanitra. Izy no nifidy anareo, izany no antony Iresahany aminareo. Maika ny Hafatra. Avia haingana!

134 Ankehitriny, raha mbola mivavaka isika, dia aoka ho tso-po ankehitriny ka hangataka an'Andriamanitra mba hamindra fo aminareo.

135 Tompo finaritra, mety misy olona eto izay tsy mbola nahita mihitsy ny fiasan'ireo herin'Andriamanitra tany aloha, saingy nisy zavatra iray tao am-pon'izy ireo nanao hoe, "Atsangano ny tànanao. Izaho izany." Ary hitan'izy ireo fa misy antso maika iray. Izy ireo, tena hendry tokoa izy ireo mba hijery manodidina ka hahita fa misy zavatra natao hitranga.

136 Ireo ankizy kely, maro amin'izy ireo no manangana ny tànany. Andriamanitra, mamindrà fo amin'izy ireo. Maro amin'ireo antitra sy taona antenantenany, manangana ny tànany izy ireo. Manangana ny tànany ireo adolantsento. Mila famindrampo izy ireo, Andriamanitra. Ary tena faly aho ny mahafantatra fa ny fanambaran'i Kristy voalohany dia famindrampo; ny fanambarana faharoa dia fitsarana. O Andriamanitra, misaotra Anao ny amin'ireo izay nandray ny famindrampo izao hariva izao, làlan'ny famindrampo. "Sambatra ireo mpamindra fo, fa izy ireo no hahazo famindrampo. Sambatra ireo noana sy mangetaheta ny fahamarinana; fa izy ireo no ho vokisana."

137 Areheto ny jiron'izy ireo, izao hariva izao, Tompo. Enga anie izy ireo ho labozia izay mipetraka eo amin'ny havoana iray, izay tsy azo hafenina, fa hanome hazavana an'ireo sekoly sy ireo toerana izay hifandraisan'izy ireo, rehefa avy eto. Ekeo

izany, Tompo. Enga anie izy ireo ho jiro izay hamiratra ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Tahio izy ireo.

138 Ary ao amin'ny andro iray, ao amin'ny tontolo tsaratsara kokoa iray, Tompo, dia enga anie izahay rehetra hihaona manodidina an'ilay latabatra lehibe an'Andriamanitra, ao amin'ilay Sakafon'ny Mpanambady. Hazòny eo aminay Ny Fanahinao, Tompo. Tahio ireo izay mitsangana manodidina ny rindrina, sy ao amin'ny efitra fidirana ary ny manodidina, izay manangana ny tànany, sy ny sisa. Mombà azy ireo, Tompo. Nitsangana izy ireo, ary mivonkina ny hozatry ny ranjo, izao hariva izao. Saingy, mamindrà fo. Ekeo ireo zavatra ireo.

139 Izy ireo no vokatr'ity Hafatra kelin'ny fandehanana haingana ity izao hariva izao. Mivavaka aho mba hanaovan'ireo anjelin'Andriamanitra an'izany ho tena misy amin'ny fon'izy ireo, mba izy ireo tsy ho—mba tsy ho diso ny iray amin'Izany izy ireo. Ary izy ireo no vokatra, ka manolotra azy ireo ho Anao aho. Ary Ianao anie hanolotra azy ireo ho an'i Jesosy, satria izy ireo no Fanomezam-pitiavanao ho Azy. "Tsy misy olona afaka handrombaka azy ireo amin'ny tànana, satria tsy misy lehibe noho Andriamanitra." Ary mivavaka aho mba Hitehirizanao azy ireo ho voaaro mafy tsara mandra-pihavin'i Jesosy ho azy ireo.

140 Enga anie ny sisa amin'izy ireo handeha haingana, Tompo, ary haingana, satria maika ny Hafatra. Tsy maintsy mivoaka haingana izahay mialohan'ny ihavian'ny fandringanana. Ary ankehitriny, Tompo Andriamanitra, mivavaka aho mba Hanirahanao Ny Anjelinao, ilay Anankiray ihany izay nipetraka niaraka tamin'i Abrahama. Ekeo izany, Tompo. Ary afaka niteny an'izay nataon'i Saraha, tao anatin'ilay tranolay taoriana. Ary izany ilay Anjelin'ny Fanekena. Izany ilay Anjely izay nitondra famindrampo talohan'ny nilatsahan'ny afo. Amin'ny fotoana rehetra mihitsy, dia mety hilatsaka ny afo ankehitriny, ireo atoma izay hamaky an'izao tontolo rehetra izao hizara roa. Enga anie Izy ho avy izao hariva izao ka hanome famindrampo anay, Tompo, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

141 Oh, misy zavatra mikasika ny Filazantsara tranainy voatahy, toy ny hoe mikosoka anareo Izany. Tiako Izany.

142 Ndao fotsiny isika hihira an'izany indray mandeha, "Mora sy malefaka no iantsoan'i Jesosy." Ny olona rehetra, ndao isika hanangana ny tànantsika Aminy fotsiny. Hanao an'izany ve ianareo?

Mora sy malefaka no iantsoan'i Jesosy,
Antso ho anao sy ho ahy,
Na dia nanota aza isika, dia manana famindrampo
sy famelàna Izy,
Famelàna ho anao sy ho ahy.

Modia, modia, (Mikatòna fotsiny miaraka amin'i Kristy ankehitriny.)
Ianao izay sasatra, modia;
Amin-kafanam-po, malefaka, no iantsoan'i Jesosy,
Miantso hoe, O ry mpanota, modia!

143 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]...tsy mbola tao amin'ny iray tamin'ireo asam-panasitrananay mihitsy tany aloha, aoka ho hitanay ny tànanareo. Tsy mbola tao amin'ireo fotoana mihitsy? Tsara izany. Tena faly aho manana anareo eto.

144 Ankehitriny, tsy mihambo ho mpanasitrana iray aho. Manambara aho fa tsy maty Jesosy, fa velona Izy. Tsy mpanasitrana iray aho. Tsy misy mpanasitrana. Kristy no efa nanasitrana anareo. "Tamin'ny Dian-kapony no nahasitrananana anareo."

145 Fa te-hanontany zavatra iray aminareo vao tonga aho. Ankehitriny, mandeha any amin'ny fiangonana iray angamba ianareo. Maro aminareo no nanangana ny tànanareo vao teo, nanangana ny tànanareo ho an'ny vavaka, vao tsy ela teo. Raha tsy manana fiangonana amin'ny safidinareo ianareo, dia miarahaba anareo tongasoa eto amin'ny Branham Tabernacle eto izahay, izay misy ny Rahalahy malalanay Orman Neville, lehilahy masina iray izay tsy mampianatra afa-tsy ny fahamarinana, avy ao amin'ny Baiboly. Tongasoa eo amin'ny fiombonanay ianareo. Izahay fotsiny...Tsy anaram-piangonana iray. Fiangonana iray eto fotsiny izahay, fiombonana iray. Izahay dia Metodista, Batista, Presbyterana, Pentekotista, Loterana, ny rehetra izahay. Izahay dia Kristiana izay tia anareo. Ary mivavaka izahay mba hahitanareo fa ianareo... Raha tsy afaka ny ho tonga eto ianareo, dia mitadiava trano fiangonana tsara iray ho anareo, any ho any, izay tena mitory ny Filazantsara, sy mba ahafahanareo ho vokisan'ny Fanahin'Andriamanitra.

146 Ny manodidina rehetra, manerana ny tranobe, izao hariva izao...Raha nitsangana tamin'ny maty ny Tompo Jesosy, ka niteny taminareo ny Fahamarinana aho, amin'izay fotoana izay dia voatery amin'Ny Teniny Andriamanitra, mba hanao an'ilay izy ho tahaka an'izany. Hitanareo?

147 Oh, aza matahotra ny hatoky an'Izany. Izany dia na ny Baiboly, Izany no Fahamarinana, na tsy Izany no Fahamarinana. Raha tsy Izany no Fahamarinana, dia Izany no mpamitaka goavana indrindra izay hany voasoratra, satria namitaka antapitrisany Izany. Efa nitsangana aho, imbetsaka, niaraka tamin'ny Koran teo amin'ny ilany iray ary ny Baiboly teo amin'ilay hafa, teo anatrehan'ireo Mohametana, ka nanao hoe, "Ny Anankiray no marina ary ny iray hafa diso. Aoka ilay

Andriamanitra, izay Andriamanitra tena misy, no hiteny." Aza matahotra. Tsy hahafoy mihitsy Izy. Tsy handao mihitsy Izy.

148 Ankehitriny, ny Tompo Jesosy, rehefa teto an-tany Izy, ireo asa izay Nataony, izay vao avy notononintsika, dia Izy no nampanantena fa ho avy indray Izy alohan'ny andro farany ka hanao an'ireo zavatra ireo ihany. Izy no nilaza fa hanao an'izany amin'ny alàlan'Ny Fiangonany Izy. Ankehitriny, hoy Izy hoe, "Izaho no Voaloboka, ianareo no sampana." Ankehitriny, tsy ilay Voaloboka no mitondra voa. Ireo sampana no mitondra voa.

149 Ankehitriny, raha ladim-boatavo iray ilay izy, dia hitondra voatavo. Raha ladim-pasiteky iray ilay izy, dia hitondra pasiteky. Raha ladim-boatango iray ilay izy, dia hitondra voatango. Raha ladim-boaloboka iray ilay izy, dia hitondra voaloboka.

150 Raha ladin-Kristiana iray ilay izy, dia hitondra an'i Kristy, ny Fiainan'i Kristy, ireo asan'i Kristy. Hitanareo? Noho izany, ny fanahintsika dia tokony hatanjahan'ny zavatra iray.

151 Tena faly aho ny ao Aminy, izao hariva izao. Tsy fantatrareo, ry ondry vitsy, hoe ahoana no anaovan'izany ahy hahatsapa, hahafantatra eto, valo amby efapolo taona aho, lehilahy antitra iray. Ary efa nitory teny nandritry ny fito amby roapolo taona aho ankehitriny. Milatsaka ny soroko. Ary, oh, fantatro fa tsy ilay zazalahy kely izay nilalao kanety teto an-dàlambe teto fahiny aho. Fa zavatra iray no fantatro, Mpanompony aho. Aleoko izany toy izay ny rehetra izay fantatro. Fa inona no soa hataon'ny zavatra hafa rehetra?

152 Efa niezaka ny hahitsy fo aminareo olona aho. Efa niezaka aho ny nanao ny zavatra rehetra izay ahafahako hahitsy fo sy marina ary mahatoky, teo amin'ny fanatrehanareo sy teo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra, satria fantatro fa mandinika antsika foana Izy. Ankehitriny, raha afaka aho . . .

153 Ho teneniko aminareo ankehitriny. Ity Hafatra kely androany hariva ity, niezaka aho ny hijanona aloha, saingy mivavaka aho mba hitondran'Andriamanitra ny sisa amin'izany ao amin'ny fonareo. Haingana! Haingana! Haingana! Mivoaha avy ao Babylona, haingana mihitsy arak'izay vitanareo. Aza mijanona ao amin'izao tontolo izao. Mialà lavitra an'io fahadalana io. Mivoaha! Mivoaha eo, afaka, miaraka amin'i Kristy. Mialà lavitra an'ireo zavatra ireo. Satria tsy fantatrareo ilay ora izay mety tsy hisy afa-tsy vovoka sisa no tafajanona eto amin'ity tany ity, entona fotsiny, ka hipoaka ho potipotika ilay izao tontolo izao fahiny. Mety hitranga alohan'ny hifaranan'ity fivoriana ity izany, ary tsy hampifanohitra ny Soratra rehetra mihitsy izany. Hanatanteraka ny Soratra fotsiny izany. Efa voatory ny Filazantsara. Indro tonga ilay Hafatra farany.

154 Ankehitriny, aza mijery an'ireo zavatra malaza ao amin'ny ho avy. Efa nanota niala tamin'ny andron'ny famindrampony i Amerika. Tena marina tokoa izany. Mariho ao anatin'ny

Baibolinareo izany dia jereo raha marina aho na diso. Eo amin'ilay fitotonganana izy ankehitriny nandritry ny roa taona.

155 Billy Graham no nilaza, tao amin'ny sakafo marainany vao tsy ela akory izay. Nanangana ny Baiboly izy. Hoy izy hoe, "*Ity* no fenitra. Nandeha tao amin'ny tanàna iray i Paoly ka nahazo niova fo iray, niverina ny taona manaraka ary nisy telopolo teo." Hoy izy, "Mandeha ao amin'ny tanàna aho ka manao fifohazana iray, an'ny roa alina niova fo, ary miverina afaka enim-bolana nefa tsy afaka mahita roapolo angamba."

156 Inona ny olana? Misy trondro betsaka mihitsy ao anatin'ilay dobo. Misy betsaka fotsiny izay efa fantatr'Andriamanitra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ary voafidy mialoha ho amin'ny Fiainana Mandrakizay. Rehefa miditra io anankiray farany io, dia milamina hatreo izany.

157 Nisy betsaka mihitsy ireo vorona izay niditra tao anatin'ny sambofiara, biby samihafa betsaka mihitsy no niditra tao anatin'ny sambofiara. Ary nikatona ilay varavarana, tamin'ny alàlan'Andriamanitra, ka namela ny sisa tamin'izy ireo tany ivelany, na dia niezaka ny hiditra aza izy ireo.

158 Ary ry sakaiza malalako, raha tsy ao anatiny ianareo, dia midira izao ankehitriny izao, raha mbola miantso Andriamanitra, satria mety hikatona ireo varavaran'ny famindrampo, ho an'ny Jentilisa, amin'ny fotoana rehetra. Ankehitriny, ary ankehitriny izay ataoko, ankehitriny, dia hanana . . . Izay resahako ankehitriny . . .

159 Efa niresaka aho, ary ireo teniko, raha nitory teny nandritry ny ora maro aho, dia tsy ho antsasaky ny teny iray an'i Kristy antsika maha-te-ho tia akory izany. Ankehitriny, fa izay notoriako, dia na niteny ny Fahamarinana aho na lainga. Raha niteny lainga aho, dia tsy hisy hidiran'Andriamanitra izany. Raha niteny ny Fahamarinana aho, dia hitsangana aorian'Ny Teniny Andriamanitra.

Firy no lazainareo? Nizara karatra dimampolo?

160 Hasehoko anareo hoe nahoana isika no tsy maintsy mizara karatra, rehefa manana fivorian'ny famantarana iray ianareo. Tsy milaza aho fa hanao an'izany Izy. Mety tsy manao Izy. Fa tiako ianareo ho mahitsy fo amiko. Firy ato no te-hiditra ao anatin'ny laharana ankehitriny? Atsangano ny tànanareo, manerana ny tranobe rehetra, na aiza na aiza ianareo. Ny olona rehetra ato amin'ny tranobe izay te-hiditra ao anatin'ny laharana, atsangano ny tànanareo. Ankehitriny ahoana no ho . . . Iza no te-ho voalohany? Hitanareo? Tsy afaka manao an'izany ianareo. Tsy maintsy mizara an'ireo karatra isika, mba hihazona ny—ny filaharana.

161 Ankehitriny, nizara karatra dimampolo izy. Fa ndao isika hiantso fotsiny avy amin'ny manodidina rehetra, manerana an'io

andian-karatra io, ary izany no hanome anjara iray ho an'ny olona rehetra ho tonga.

162 Ankehitriny, ilay izy dia tsy izay mitranga *eto*. Ilay izy dia izay mitranga *eto*. Hitanareo? Ilay izy tsy hoe, kasiho aho. Ilay izy dia hoe, kasiho Izy. Firy no mahafantatra fa ny Testamenta Vaovao, ny Bokin'ny Hebreo, no nilaza fa izao ankehitriny izao, hoe, "Kristy no Mpisoronabe izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika"? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny, ahoana no hahafantaranareo fa nikasika Azy ianareo? Amin'ny alàlan'ny, mamaly avy hatrany Izy, tahaka ny Nataony. Raha Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, dia tsy maintsy maneho ny Tenany Izy tahaka ny Nataony omaly sy mandrakizay fotsiny ihany Izy. Noho izany, hitanareo ve ilay hafatra farany ho an'ireo Jiosy sy izy ireo, ahoana no Nanaovany azy? Ankehitriny ity no fa- . . .

163 Raha maneho ny Tenany amin'ny fomba hafa iray Izy, amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana iray, dia tsy ho marina Izy. Tsy naneho ny Tenany tao amin'ny anaram-piangonana iray mihitsy Izy, satria tsy nisy anaram-piangonana tamin'ny Androny. Naneho ny Tenany tamin'ny alàlan'ny ivelan'ny voajanahary Izy, araka ny nolazaintsika aninkeo maraina, tahaka an'ilay sora-tànana teny amin'ny rindrina, ilay fandikana. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Homba anareo anie Andriamanitra ankehitriny.

164 Hoy izy hoe, "Iray hatramin'ny dimampolo." Eny àry. Iza no manana ny karatra fangataham-bavaka nomerao iray, hanangana ny tànanao fotsiny ve ianao. Jereo ny karatrareo. Olona iray eo ambonin'ny fandrian'ny marary, na aiza na aiza, ka tsy afaka mitsangana, ny olona rehetra mifampijere karatra. Karatra kely iray fotsiny ilay izy. Tsy mihevitra aho fa manana ny sariko eo amboniny izy ireo, tsy akory. Karatra kely iray tsotra fotsiny ilay izy. Nomerao iray, na aiza na aiza misy anao. [Hoy ny olona iray hoe, "Eto mihitsy."—Mpand.] Eny àry. Hitsangana eo amin'izay misy anao fotsiny ve ianao, tompoko. Nomerao roa, hanangana ny tànanao ve ianao. Ilay ramatoa *eto* mihitsy. Nomerao telo, hanangana ny tànanao ve ianao. [Elanelana tsy voaraki—peo.]

165 Vahiny isika. Izao no fotoana ihaonantsika voalohany raha izany, eo amin'ny fiainana, heveriko. Noho izany, ny Tompo Andriamanitra no mahafantatra antsika roa. Izy no mahafantatra ny rehetra mikasika anao, ary Izy no mahafantatra ny rehetra mikasika ahy. Fa raha Izy, ao amin'ny Fahatsaram-panahiny, no ho afaka . . .

166 Raha hilaza aminao aho hoe, "Oh, tompoko, marary ianao. Ary izaho dia . . . Ho salama ianao." Hanana zò iray hisalasala amin'izany ianao. Io mpanatrika io dia hanana zò iray ho maina, eo amin'izany. Izany tokoa. Ny teniko fotsiny ihany no azonao.

167 Fa raha ho tonga ny Fanahy Masina ka hiteny aminy zavatra iray izay nataony, zavatra iray izay tsy misy na inona na inona fantatro, izay efa nisy, dia izy no hahafantatra na izany no fahamarinana na tsia.

168 Noho izany raha Izy no mahafantatra hoe inona izany, azo antoka, raha marina ilay izy, dia afaka miteny aminareo Izy hoe inona no hisy, ary ho marina izany.

169 Tokony hino an'izany ianao, Rtoa. Cox, sa tsy izany? Rtoa. Cox izay mipetraka eo, vao sendra nahamarika azy aho, avy any Kentucky, avy eto. Itsy no an-dRtoa. Wood. . . ato amin'ny fiangonana any ho any, ny reniny. Ny homamiadana no nihinana ny tarehiny, *eto*.

170 Avy tany amin'ireo ala avaratra aho. Niantso ahy ny vadiko, nanao hoe, "Tsy mbola nahita olona iray tena rotidrotika mihitsy aho teo amin'ny fiainako, tahaka—tahaka an-dRtoa. Wood." Ary Atoa. sy Rtoa. Wood dia sakaizako akaiky. Dia nandeha nankany amin'ilay ramatoa aho, niverina niaraka tamin'ny HOY NY TOMPO HOE. Maty ilay homamiadana.

171 Io, ilay vehivavy fa mipetraka eo, ary zara ianareo raha afaka hiteny hoe inona. . . Hitsangana fotsiny ve ianao, Rtoa. Cox, mba ahafahan'ny olona mahita. Ny ilan'ny orony manontolo sy ny rehetra, dia lanin'ny homamiadana iray, hatrany amin'ny masony mihitsy. Mitodiha mba ahafahan'ny mpanatrika mahita anao ery aoriana ery. Homamiadana.

Marina foana Izy. Tsy diso mihitsy Izy.

172 Ankehitriny, raha ny Tompo Andriamanitsika no hanambara amin'ity rahalahy ity, dia aoka izy no mpitsara, raha ny Tompo Andriamanitsika no hanambara aminy hoe ho an'ny inona no maha-eto azy. Na, zavatra iray tahaka ny Nataony tamin'ilay vehivavy teo. . . Na, ohatra hilaza tahaka an'izay Nolazainy tamin'i Filipo Izy, rehefa nahita azy i Natanaela. . . na Natana-. . . Filipo no nahita an'i Natanaela. Ary hambarany izany; hino ve ianareo rehetra, ianareo olona rehetra ve hino? Raha—raha fantatr'ity lehilahy ity fa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika azy aho; ary manangana ny tànako aho, fa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika azy. Manangana ny tànany izy, hoe tsy nahafantatra azy aho, na tsy mahafantatra ahy izy. Noho izany raha hanambara an'izany ny Tompo, dia hanaiky an'izany ve ianareo rehetra, sa tsy izany? Firy? Atsangano ny tànanareo, mba ahafahako mahita fotsiny. Ankehitriny, ny Tompo hitahy anareo.

173 Ankehitriny, tompoko, mitsangana eto fotsiny aho, miandry mba hahita an'izay ho Teneniny amiko, noho izany dia ianao no mpitsara. Ary raha misy olona iray afaka mijery, dia manakimpy ny masony ilay lehilahy, mba hahitanareo fa tsy mety ho fifandraisana ara-tsaina iray izany. Mijanòna fotsiny miaraka

amin'ny masonao mikimpy. Raha Jesosy Tompontsika . . . Raha hanambara an'izany Izy, dia hankasitraka Azy isika.

174 Fa ilay lehilahy izay mitsangana eto anoloako, ho an'ny inona no maha-eto azy, izany dia raharaha ara-panahy iray izay tiany hivavahana. Marina izany. [Hoy ilay lehilahy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao mba ahafahan'ny olona hahita. Ankehitriny mino ve ianareo? Tsy mbola nahita azy mihitsy aho teo amin'ny fiainako, saingy io ilay izy. Zavatra iray izay manelingelina ny sainy. Ankehitriny, arakaraky ny niresahako taminy betsaka, no haha-betsaka ny voalaza. Ankehitriny aoka hanaja.

175 Inona no nataon'ilay Anjely? Nanatodika ny Lamosiny Izy, ary hoy Izy hoe, "Nahoana no nihomehy i Saraha?"

Hoy izy hoe, "Tsy nihomehy mihitsy aho."

Hoy Izy, "Oh, eny, nihomehy ianao." Satria, natahotra izy.

176 Ankehitriny raha mbola afaka mandre ny feoko foana ny mpanatrika, eo amin'ireo fampitam-peo. Toy ny hoe manalavitra ahy ilay lehilahy. Mahita vehivavy iray mitsangana aho. Io ilay zavatra lehibe izay maha-eto an'ilay lehilahy. Ho an'ny vadiny izany, ary tsy miaraka aminy eto izy. Fa tratry ny aretim-behivavy izy, aretin'ny ramatoa, ary tratry ny aretina izy ao amin'ny lamosiny. Izany no fahamarinana.

177 Tsy avy eto amin'ity tanàna ity ianao. [Hoy ilay lehilahy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Avy any amin'ny tanàna hafa iray ianao, izay antsoina hoe Marysville. ["Marina izany."] Marina izany. Ankehitriny mandehana mody dia jereo amin'ny fomba izay inoanao azy ilay izy. Ho tahaka an'izany ilay izy, amin'ny Anaran'ny Tompo. Andriamanitra hitahy anao. Iny mosara iny, tsy hilainao ny hametraka azy eo aminy; nanana azy tao anatin'ny paosinao ianao ho azy, saingy tsy hila azy ianao.

178 Tena fantatro ianao. Tsy fantatro ny anaranao. Fa vehivavy iray izay nitsangana tery amin'ny varavarana aoriana tery ianao, indray andro, izay nahatongavan'ilay Anjelin'ny Tompo teo amiko, tamin'ny fotoanao voalohany teto amin'ny tabernakla, ka nanambara zavatra izay tsiambaratelo tanteraka. Ary sitrana ianao, niaraka tamin'ny homamiadana iray. Marina izany. [Hoy ilay vehivavy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Saingy tsy manan-kevitra aho hoe inona ny olana aminao ankehitriny. Tsy fantatro. Ianao no mahafantatra an'izany. Tsy manan-kevitra aho hoe inona no tsy mety aminao. Fa, raha ny Tompo no hanambara an'izany, dia hanaiky an'izany ve ianao? ["Eny."] Izaho . . .

179 Tsy ho an'ny tenanao no maha-eto anao. Eto ianao ho an'ny ankizy iray. Ary ory io ankizy io. [Hoy ilay vehivavy hoe, "Eny."—Mpand.] Ary ny fahoriany dia ao amin'ny taolan-damosina. ["Eny."] Toy ny hoe, tsy afaka mitsangana, na zavatra tahaka an'izany. Ary mahita an'ireo raiamandrenin'io ankizy io aho, miaraka amin'ny sapile iray. Katolika izy ireo. ["Eny."] Ary

mpivady antitra kokoa iray, izany dia, ireo raibe sy renibeny dia Katolika, ihany koa. ["Eny."] Ary mitsangana ho an'ilay ankizy ianao. Ento ny mosaranao ary apetraho eo amin'ilay izy izany. Aza misalasala, dia afaka mahazo an'izay angatahanao ianao. Ankehitriny dia minoa amin'ny fonao rehetra.

Mino ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

180 Ataoko fa vahiny iray amiko ity ramatoa ity. Samy vahiny isika, saingy ny Tompo Jesosy dia mahafantatra antsika roa. Ankehitriny ity ny sary tanteraka iray. Ity no sary iray an'ny Masindahy Jaona 4. Vehivavy mainty hoditra iray, lehilahy fotsy iray; tamin'izany andro izany, ilay izy dia Samaritana iray, sy Jiosy iray, taranak'olona roa. Jesosy no namela azy hahafantatra, haingana, fa tsy misy fahasamihafana. Zava-boaharin'Andriamanitra isika rehetra. Ny firenena izay iainantsika, izay manova ny lokontsika, dia tsy misy idirany amin'izany. Tahaka an'izany no nitiavan'Andriamanitra ny Olony. Izy no nanao ny olona fotsy, mainty, volontany, mavo, mena. Izy no nanao azy ireo tahaka an'izany. Raharahany izany. Ary tia antsika rehetra Izy. Fa ity no sary tanteraka iray, olona roa izay tsy mbola nihaona mihitsy tany aloha, ary ny fotoanay voalohany, taranaka roa samihafa.

181 Ankehitriny, hitako fa mpino iray ianao. Kristiana iray ianao, satria tongasoa ny fanahinao. Fa io Anjelin'Andriamanitra lehibe io dia tsy hanao tongasoa na inona na inona izay diso. Tsia tokoa. Hitanao ve io sary etsy ambony etsy io, io Anjely eo amin'io sary eo io, io Hazavana eo ambonin'izay nitsanganako io? Izany no manao anao hahatsapa arak'izay tsapanao ankehitriny. Tonga manerana anao fotsiny ilay Izy.

Vetivety fotsiny, Ranabavy Gertie.

182 Toy ny misy zavatra iray, tsy afaka mahazo an'ilay ramatoa tsara mihitsy aho. Eny. Ilay vehivavy dia mijaly amin'ny aretin'ny fikorontanan-tsaina. Mikorontan-tsaina izy. Manjera zavatra izy. Marina izany. Ary avy eo dia manana olana ara-panahy ianao izay ezahanao vahana, satria efa nivavaka ho an'izany ianao nandritry ny fotoana vitsy. Marina izany. Ary tratry ny aretin-kozatra ianao. Mahita anao manandrana miala avy eo amin'ny fandrianao aho, moramora, indrindra amin'ny maraina. Ianao dia manana zavatra tsy mety ao amin'ny taolan-damosinao, ihany koa, aretin'ny taolan-damosina. Izany no HOY NY TOMPO HOE.

183 Mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao? Mino ve ianao fa ilay Andriamanitra iray ihany izay nahafantatra an'i Simona dia hahafantatra anao? Raha hambaran'Andriamanitra amiko izany, dia hanao anao ho mpino iray matanjaka ve izany, ka hahazo an'izay tadiavinao ianao? Izy ireo dia miantso

anao hoe, "Nanny." [Hoy ilay anabavy hoe, "Amena."—Mpand.] Ary ny anaram-pianakavianao dia Johnson. ["Amena."] Ary mipetraka any New Albany ianao. Miverena any an-trano ary aoka ho salama, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Amena.

Minoa fotsiny.

184 Samy vahiny ve isika, ramatoa? Vahiny isika. Mba fotsiny—mba hahitan'ny olona fotsiny, dia hanangana ny tànanao ve ianao, hilaza hoe, "Vahiny isika. Izao fotsiny . . . " Ankehitriny dia ny Tompo Andriamanitra no mahafantatra antsika roa. Ary raha hanaiky an'ity fangatahana ity Izy, dia ho sambatra ve ianao amin'izany?

Ankehitriny dia nanomboka nino ny sasany aminareo.

185 Ankehitriny, eo dia misy lehilahy fotsy iray manohy miseho eo anoloan'ity vehivavy eto ity.

186 Izany dia ilay lehilahy mipetraka eo mihitsy. Ianao dia manana . . . Mety tsara izany, mijanòna fotsiny eo amin'izay misy anao. Tratry ny aretin'ny voa ianao. Tratry ny aretin-damosina ianao. Ary tratry ny aretim-bavony ianao. Marina izany. Ankehitriny mandehana, mino, dia tsy hanelingelina anao intsony izany.

187 Minoa fotsiny ianareo. Mihaika ny finoanareo aho mba hino an'izany. Firy no mino an'izany amin'ny fonareo rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry, noho izany dia jereo ka hiaino.

188 Raha ny Tompo Andriamanitsika no hanambara amin'ity vehivavy ity, izay vahiny tanteraka amiko. Ary ireto ny tànanay mitsangana, hoe tsy mbola nihaona mihitsy izahay tany aloha, an-tsitrapo. Ary raha ny Tompo Andriamanitsika no hanambara amin'ity vehivavy ity, ka hanao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony, tahaka an'ilay vehivavy teo amin'ny . . . vehivavy Samaritana. Hino amin'ny fonareo rehetra ve ianareo rehetra, amin'izay fotoana izay? Hilamina hatreo mandrakizay ve izany, aminareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

189 Hitanareo, manana fivoriana iray ho avy aho. Tsy maintsy handeha aho rahampitso. Ary tsy maintsy handeha any Virginia aho, ary fivoriana lehibe iray ho avy. Tsy te-halemy loatra aho, mitsangana eto. Eny àry, haka fotoana aho, vetivety fotsiny, miaraka amin'ilay vehivavy. Ary minoa ianareo.

190 Na iza na iza ilay vehivavy, dia manana aizina mahatsiravina iray izy manaraka azy. Oh, izany dia—alahelo izany. Vao avy tratry ny olana iray ianao. Very zanaka iray ianao, zazakely iray. [Hoy ilay vehivavy hoe, "Eny."—Mpand.] Marina izany. Ary zavatra iray hafa, ianao dia voaelingelin'ny aretim-behivavy, aretin'ny ramatoa, ary aretin-damosina. Ary ianao koa dia manana karazan-javatra izay mitranga aminao, toy ny fahatoranana. Oh, androbe. Marina izany. Ianao dia tsy avy

amin'ity tanàna ity, mihitsy koa. Niampita ny renirano ianao, mba hahatongavana eto. Avy any Louisville ianao. ["Eny."] Ianao dia mipetraka ao amin'ny nomerao, antsoina hoe, 1754 West Oak Street. [Nihiakiaka ilay vehivavy hoe, "Eny, mipetraka aho."] Ny anaranao dia Margaret Quinn. ["Eny."] Eny àry.

191 Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, omeo an'ity vehivavy ity izay iriany, satria mangataka an'io fahavalo io aho hiala aminy, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

192 Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Aza misalasala intsony. Mandehana ka raiso ankehitriny izay nangatahanao.

193 Mino amin'ny fonareo rehetra ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

194 Manao ahoana ianao, tompoko? Ity no fotoana ihaonantsika voalohany, heveriko. Mino ve ianao fa eto ny Tompo Andriamanitsika mba hanao sy hanome anao an'ireo zavatra izay irianao. [Hoy ilay lehilahy hoe, "Eny, mino aho. Fantatro fa eto Izy. Afaka mahita Azy aho."—Mpand.] Mankasitraka ny herim-ponao aho. Ary eto ianao ho an'ny zavatra ara-dalàna iray. ["Marina izany. Marina izany."] Te-ho afaka amin'ny fisotroana sy fifohana ianao. ["Izany ilay izy."] Eny, efa lasa niala taminao izany ankehitriny. Mandehana, ary homba anao anie ny fiadanan'Andriamanitra ka hanao ny tenanao hino. Homba anao anie Andriamanitra.

"Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra."

195 Te-ho afaka amin'io aretin-damosina io ve ianao? Mandohaleha eo, midera Azy, dia ho afaka amin'io ianao. Mandehana fotsiny, mino an'izany, miaraka amin'ny fonao rehetra.

196 "Raha mety mino ianao," hoy ny Baiboly. Aoka hanaja. Minoa fa izay ataon'Andriamanitra dia ny Fahamarinana.

197 Fantatro ianao. Hivavaka ho anao fotsiny aho. Fantatro ny olanao.

198 Tompo Andriamanitra, mamindrà fo amin'ilay vehivavy ka ekeo ity fangatahana ity, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy aho. Amena. Tsy tsaroako. . .Baker ve ny anaranao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Marina izany. Izaho—tsaroako ankehitriny. Andriamanitra hitahy anao. Mandrosoa avy hatrany ankehitriny ka minoa Azy amin'ny fonao rehetra. Eny àry.

199 Tsy mahafantatra anao aho, ramatoa. Vahiny isika. Marina izany. Te-hihinana ny sakafo harivanao ve ianao, ho afaka amin'io aretim-bavony io, io fery izay efa nanananao nandritr'io fotoana rehetra io? Mandehana, mihinana, arak'izany, ary Jesosy Kristy anie hanao anao ho salama.

200 Tena fantatro ianao. Ary fantatro hoe inona ny olanao. Tsy fantatrao—tsy fantatrao hoe fantatro ilay izy, saingy, izaho—tena

fantatro ilay izy. Koa satria tonga eto amin'ny tabernakla ianao, dia tsy ho lazaiko izany. Fa hiala aminao ireo aretin-kozatra raha hino an'izany fotsiny ianao. Mandrosoa ianao. Andriamanitra hitahy anao.

201 Ndao isika hanao hoe, "Ho an'Andriamanitra ny saotra." [Hoy ny fiangonana hoe, "Ho an'Andriamanitra ny saotra."—Mpand.]

202 Ianao dia mikorontan-tsaina, ihany koa. Tratry ny aretim-bavony izay manelingelina anao. Mino ve ianao fa ny Tompo Jesosy dia hanao anao ho salama? [Hoy ilay anabavy hoe, "Mino aho."—Mpand.] Noho izany dia mandehana, ary hitoetra eo aminao anie ny fiadanan'Andriamanitra. Te-hametra-tànana eo aminao fotsiny aho, ka hino amin'ny fontsika rehetra, fa hataon'Andriamanitra izany.

203 Vahiny aminao aho, heveriko, ramatoa. Mahafantatra ahy ve ianao? Manketo amin'ny fiangonana ve ianao? Manketo ianao. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho. Mazava ho azy, marobe ny olona tonga. Eny àry. Mandehana ianao, mino, dia hiala aminao io aretim-behivavy io, ilay aretin'ny ramatoa izay nanananao. Mino ve ianao? [Hoy ilay ramatoa hoe, "Eny."—Mpand.] Eny àry, noho izany dia mandehana, ary Andriamanitra homba anao sy hanampy anao, azoko antoka.

204 Mino ve ianao, tompoko? Mino ve ianao fa hanaisotra an'io fihenjanana io hiala aminao ny Tompo, ka hanao anao ho salama, ireo aretin-kozatra? Mandehana avy hatrany miverina mankany, misaotra Azy sy midera Azy noho izany, avy eo dia ho mety tsara ianao.

205 Voaelingelin'ny aretin'ny fikorontanan-tsaina ianao, sa tsy izany, ramatoa? Fikorontanana ara-tsaina iray izany. Lasa tena malemy ianao, mijaly amin'ireo krizy, indrindra amin'ny hariva efa tara. Niteny taminao mihitsy aza i Satana fa ho very ny sainao. Marina izany. Saingy lainga izany. Ho salama ianao. Ilay izy dia ilay fotoan'ny fiainana izay hidiranao fotsiny. Fitsaha-jaza ilay izy. Ny vehivavy rehetra dia tsy maintsy tonga eo amin'izany. Fa ho mety tsara ianao ankehitriny. Mino ny teniko ve ianao? Noho izany dia mandehana, misaora an'Andriamanitra, ary mihirà hira ka mifalia, ary aoka ho salama.

206 Eny àry, ramatoa. Izaho dia vahiny aminao, ihany koa. Ilay zavatra mahatsikaiky, rehefa nilaza an'izany taminy aho, dia niala taminao tamin'izay fotoana izay ihany ilay izy, satria izany marina tokoa ny aretinao dia, fikorontanan-tsaina. Ankehitriny dia zory ny làlanao, ka minoa amin'ny fonao rehetra, dia ho salama ianao. Amena. Mandehana ka minoa amin'ny fonao rehetra.

207 Fantatro ianao, ramatoa. Fantatro ny endrikao, saingy izaho tsy . . . Mino ve ianao fa hanasitrana anao Andriamanitra?

Fantatro hoe iza ianao ankehitriny. Ianao dia ramatoa iray manketo amin'ny tabernakla. Mino ve ianao fa hanasitrana anao Andriamanitra? Mamelà ahy hivavaka fotsiny ho anao.

208 Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, ataovy salama ilay vehivavy, mivavaka aho, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

209 Aza misalasala. Tsy afaka mieritreritra ny anaran'ilay vehivavy aho, saingy fantatro hoe izy no . . .

210 Ahoana ny aminareo olona ao amin'ny mpanatrika eto? Mino ve ianareo? Ankehitriny mipetraha tsara mihitsy. Aoka ho tena hanaja. Amin'ity ilany *eto* ity, dia misy olona iray. Mihaika ny finoanareo aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba hino an'izao.

211 Ramatoa mainty hoditra iray no manangana ny tànany, eo. Mino ve ianao, ramatoa, fa mpanompon'Andriamanitra aho? [Hoy ilay vehivavy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Raha hanambara amiko Andriamanitra hoe inona ny olanao, dia hanaiky an'izany ve ianao? ["Eny, tompoko."] Mila vavaka ianao ho an'ny tenanao sy ho an'io zazavavy kely io. Ho an'ny masonao, mipetraka eo io. Marina izany. Apetraho eo amin'ilay ankizy ny tànanao, ary minoa amin'ny fonao rehetra.

212 Tompo Andriamanitra, mivavaka aho mba handraisan'izy ireo an'izany, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Mino ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

213 Io ilay Anjelin'ny Tompo mitsangana eo akaikin'io olona mainty volo io. Izaho—mino aho fa manketo amin'ny fiangonana eto izy, na izany aza. Tsy azoko antoka. Tompoko, raha mahafantatra anao aho, dia tsy fantatro hoe inona no tsy mety aminao, raha tsy Andriamanitra no hanambara an'izany. Fa izany dia ny sasany amin'ny Famindrampony no mitsangana eto. Ary ianao dia manana fe—fery iray ao amin'ny tongotra, ny tongotra havia. Marina izany. Ny—ny finoanao dia nikasika zavatra iray.

214 Ahoana ny aminareo, eto amin'*ireto* fizarana ireto, mino ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny."—Mpand.] Manàna finoana, arak'izany. Aza misalasala.

215 Indro, ny ramatoa iray mipetraka eto manao satroka mainty, manao solomaso. Manana karatra fangataham-bavaka ve ianao, ramatoa? Aorian'io zazalahy kely io mihitsy, ao amin'ny faran'ny laharana, ianao! Manana karatra fangataham-bavaka ve ianao? Tsy manana karatra fangataham-bavaka ianao. Mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao? Raha hanambara amiko Andriamanitra hoe inona ny olanao, dia hanaiky an'izany ve ianao amin'izay fotoana izay? Tratry ny aretim-po ianao.

Vadinao io mipetraka eo akaikinao io, ary tratry ny aretin'ny tsiranoka izy. Mandehana ankehitriny ary minoa.

Iza no mino Azy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

216 Ahoana ny amin'ity lehilahy mainty hoditra mipetraka eto ity? Mino ve ianao, tompoko? [Hoy ilay lehilahy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Mino ahy ho Mpanompony ve ianao? ["Eny."] Mila vavaka ianao, sa tsy izany? ["Eny."] Raha hanambara amiko Andriamanitra, avy amiko mankany aminao, dia hino ve ianao fa Izy. . . fa hanaiky an'izany ianao? ["Eny."] Tratry ny aretin'ny taolan'orona ianao. ["Eny, tompoko."] Ary manana fahavakisana iray ianao. ["Eny."] Marina izany.

217 Ahoana ny amin'ny tsirairay aminareo, mino ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

218 Misy vehivavy mainty hoditra hafa iray aorian'io ramatoa mipetraka eto aoriana eto io mihitsy. Nanangana ny tànanao ianao, ranabavy. Mila zavatra avy amin'ny Tompo ve ianao? Mino ahy ho Mpanompony ve ianao? Aretin'ny feo ilay izy, mijaly amin'izany ianao. Marina izany. Mino ve ianao fa nanasitrana anao Izy?

219 Avy eo anilanao eo mihitsy, mijery manodidina eo amin'ny ilany, avy eo anilanao eo amin'ny faran'ny laharana eo mihitsy; eo amin'ny olona iray, roa, telo, efatra, dimy, iry aoriana iry. Tratry ny aretin'ny kambon-tenda ianao. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra?

220 Ahoana ny amin'ny eto aoriana eto mihitsy? Ilay lehilahy eo amin'ny faran'ny seza, aoriana ao amin'ny laharana eto mihitsy. Tratry ny fery ao amin'ny taolan-damosina ianao. Marina izany, tompoko. Mino ve ianao fa manasitrana anao Andriamanitra? Noho izany dia mitsangàna ary ekeo izany, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy.

221 Andriamanitra hitahy anao. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho. Vahiny amiko ianao. Saingy Andriamanitra dia mahafantatra anao.

222 Mino an'izany ve ianareo, ny tsirairay avy aminareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mino ve ianareo fa ilay Anjelin'Andriamanitra iray ihany izay tonga teo amin'i Abrahama, tamin'ny famindrampo, Izay nahafantatra ny tsiambaratelon'ny eritreritr'i Saraha, ilay Anankiray ihany izay nitsangana teto an-tany ka nahafantatra an'ireo tsiambaratelon'ny eritreritry ny fisainana, tsy mino ve ianareo fa eto Izy ankehitriny? ["Amena."] Ilay Andriamanitra iray ihany, alohan'ny handorana indray an'izao tontolo izao mihitsy ao anatin'ny fandringanana iray, tsy mino ve ianareo fa eto Izy? ["Amena."] Noho izany dia ndao isika hanaiky Azy. Ndao isika hino Azy. Ndao isika handray Azy ho mpanasitrana antsika, izao ankehitriny izao. Firy aminareo no hino an'izany?

223 Firy aminareo no hino marina tokoa? Atsangano ny tànanareo. Ankehitriny, apetraho, ampidino ny tànanareo.

224 Izao no nolazain'ny Baiboly, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino."

225 Apetraho eo amin'ny anankiray hafa ny tànanareo, arak'izany, raha mpino ianareo. Mivavaha ho an'ilay olona eo akaikinareo. Ary ilay anankiray eo akaikinareo, dia mivavaka ho anareo izay ivavahana. Ny tsirairay avy aminareo, mifampivavaha ankehitriny, na aiza na aiza ato amin'ny tranobe. Mihaika an'izany finoana izany aho.

Ilay ramatoa ery miaraka amin'ny TB, adinoy ny momba an'izany. Sitrana ianao.

226 Ianao miaraka amin'ny aretin'ny prostaty, mipetraka eo, tompoko, mifoha amin'ny alina. Adinoy izany. Tsy tokony hanao an'izany intsony ianao. Andriamanitra hitahy anao.

227 Mihaika anareo aho mba hanao hetsika iray an'ny finoana. Hanao an'izany ve ianareo? Noho izany dia mivavaha, ny tsirairay avy aminareo, amin'ny fombanareo manokana. Apetraho eo amin'ny olona iray ny tànanareo ka mivavaha ho an'ny olona iray eo akaikinareo, raha mivavaka ho anareo rehetra aho.

228 Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, mpanao ny Fiainana mandrakizay, mpanome ny fanomezana tsara rehetra, iraho Ny Fanahinao izao ankehitriny izao ho eo amin'ity vahoaka ity.

229 Manameloka an'ireo asan'ny devoly aho, satria voabaribary ny devoly. Satana, tsy afaka mihazona azy ireo intsony ianao. Miakatra ny finoan'izy ireo, ka mifametra-tànana izy ireo. Ary mihaika anao aho, fa verinao ilay ady, ary antomotra ny fitsarana. Mivoaha avy ao amin'izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Mialà amin'izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy.

230 Mino Azy ve ianareo? Atsangano ny tànanareo ka omeo Azy ny dera ho an'ny fahasitrananareo. Raha mandringa iray ianareo, dia mitsangàna amin'ny tongotrareo; Kristy no manao anareo ho salama. Raha malemy ianareo, raiso ny tànanareo malemy, atsangano izy ireo; tapitra daholo izany.

Indro ny vehivavy mandringa iray, mitsangana.

231 Deraina ny Tompo! Ndao isika hanao hoe, "Deraina ny Tompo," ny olona rehetra. [Hoy ny fiangonana hoe, "Deraina ny Tompo!" Mitehaka ny tànany indimy Rahalahy Branham—Mpand.] Amena.

Rahalahy Neville.

Handeha Alohan'Ny Fahoriambe Ve Ny Fiangonana? MAG58-0309E
(Will The Church Go Before The Tribulation?)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady hariva, 9 Marsa 1958, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A, dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org